

NEFA TSY FANTATRAO IZANY



Misaotra anao, Rahalahy Neville. Ny Tompo hitahy anao. Tafiditra tao anatin'ny zavatra anankiray aho, sa tsy izany? Te-hisaotra ny Tompo aho, tena tsara, noho ny fikarakarana ny zanak'i Rahalahy Capps. Ny mitranga fotsiny dia izao no fotoana kely izay hiverenako any Indiana. Fantatro fa tsy mandray feo an'izao izy ireo; heveriko fa tsy manao izy ireo. Ary noho izany dia tsy mahita olona aho ao anatin'ny ao, noho izany izy ireo. . . Miverina aho mba handeha hihaza vontsira. Ary noho izany dia heveriko fa tsy maintsy handefitra amiko i Charlie, izy sy Nellie, ary izy ireo any Kentucky, ankehitriny mandritry ny andro iray na roa, mba hihaza vontsira. Noho izany, aleoko diso zavatra rehetra, ny karazana fakan-drivotra hafa, avy eo dia tonga amin'ny. . . eo amin'ny antsasaky ny Aogositra, ka mihaza vontsira miaraka amin'i Charlie sy Banks, ary izy rehetra. Lasa zavatra fanaon-drazana kely amiko izany. Ary noho izany dia nentiko i Joe. . .

² Rehefa teto izahay tamin'ilay fotoana iray, dia narary ny olona rehetra, ny fiovana avy tamin'ilay toetr'andro tena nafana nankany amin'ity—amin'ity toetr'andro mangatsiatsiaka izay anananareo eto ity. Fantatro fa mihevitra ianareo hoe tsy mangatsiatsiaka izao, saingy tongava any Arizona indray mandeha fotsiny. Sivy amby zato ilay izy ao amin'ny maloka rehefa niainga aho ny maraina; ary avy eo manodidina ny misasak'alina, amin'ny alina, rehefa midina avy eny an-tendrombohitra ilay rivotra mangatsiatsiaka, dia mbola enina amby sivifolo ilay izy. Ah-hah. Hitanareo, amin'ny misasak'alina izany, rehefa midina ilay rivotra mangatsiatsiaka. Ka noho izany ilay izy. . . Tena tsara io toerana io amin'ny andro ririnina, saingy ho an'ny maingoka sy ny androngo izany amin'ny andro fahavaratra, fa tsy ho an'ny olombelona. Na ireo biby rehetra aza dia miala mankeny an-tendrombohitra. Tsy mahatanty an'izany mihitsy izy ireo.

³ Fa efa tany aho ary nitifitra tamin'ilay basy keliko. Izaho. . . Na izany aza dia te-hiteny aminareo mikasika an'i Capps zazalahy kely fotsiny aho. Ary nilaza aho. . . Ary, Joe, tokony homeko azy fotsiny ilay basy kely, satria mahay mitifitra noho izaho izy. Nahitsinay ilay izy, ary izaho no—izaho no nandentika an'ireo fantsika fisa-doha teo amin'ny dimampolo yards. Dia hoy aho tamin'i—tamin'i Joe. . . Hoy i Joe hoe, “Dada, mino aho fa vitako ny manao an'io.” Nanana aretin'andoha iray ilay zazalahy mahantra kely. Efa nivavaka ho azy aho, tazo mahery iray. Nandeha niaraka tamiko teo amin'ilay tany fiompiana izy, ary izaho. . .

4 Ny savaivo roa amin'ny folo ao amin'ny basy kely roapolo sy roa, izany dia mampifanapaka ny tsipi-pitifirany any amin'ny dimy amby roapolo yards; dia mbola ao indray koa any amin'ny dimampolo, mitovy mihitsy, raha roa amin'ny folo ilay izy. Noho izany. . . Ary nahitsiko tany amin'ny dimy amby roapolo yards ilay izy. Ary noho izany dia nanana fantsika fisa-doha roa amboniny aho ary napetako izy ireo, ary raha tsy nalentik'i Joe ireo fantsika fisa-doha anankiroa ireo! Tsy nanana fantsika fisa-doha intsony aho, noho izany dia nametaka silaka voromailala vita tamin'ny tanimanga kely izay efa nipoaka teo aho, izay notifirin'ireo mpitifitra mpamandrika, teo amin'ny ampahefan'ny inch ny halavany, ary napetrako teo amin'ny dimampolo yards izany, fa notapahany nisasaka roa izany. Ary ilay fikendrena dia nahitsy ho an'ny masoko, izay antitra kely kokoa noho ny azy. Noho izany dia hoy izy hoe, “Fantatrao moa? Tokony handeha aho ka hiteny amin'i Billy mba hamela ahy hipetraka tsara manomboka izao.” Hitanareo? [Mihomehy Rahalahy Branham sy ny fiangonana—Mpand.]

5 Noho izany, noho izany dia hoy aho hoe, “Eny, ho lazaiko anao hoe inona,” hoy aho, “ndao isika handeha ka hampiseho an'izany amin-dRahalahy Norman.”

6 Hoy aho hoe, “Joe, ao amin'ireo fifaninanana manerana an'izao tontolo izao, tsy ahoako na ho iza izy na iza, tsy misy olona. . .” Ankehitriny, tsy nilentika nivadika ireo fantsika fisa-doha, tena nilentika mahitsy tsara izy ireo. Ary ilay silaka, tsy mihoatra ny, heveriko, ny ampahefan'ny inch iray, ary iray ampahenina ambin'ny folo ny hateviny, ary ampahefatra ny inch ny hahavony, notapahany nisasaka roa izany, tany amin'ny dimampolo yards. Hoy aho hoe, “Tsy misy olona eto amin'izao tontolo izao afaka hahavita fitifirana tsaratsara kokoa noho izany. Izy ireo dia afaka, ireo tompondaka, dia afaka hahavita tahaka an'izany, fa ianao kosa dia tsy afaka hahavita fitifirana telo tsaratsara kokoa noho izy ireo.” Ireo fantsika fisa-doha, izay tsy niforitra, lavaka iray teo amin'ny taratasy fotsiny izay nandalovan'ilay fantsika fisa-doha. Dia hoy aho hoe, “Tsy misy olona afaka hahavita ny—ny fitifirana iray tsaratsara kokoa.” Eny àry. Heveriko fa niala taminy teo no ho eo ny aretin'andohany.

7 Ary hoy aho hoe, “Eny, ndao isika hampiseho an'io amin-dRahalahy Norman,” izay miasa ho an'ny *Field And Stream*, fivarotana fitaovam-panatanjahan-tena an-dRahalahy Tony Stromei.

8 Hoy izy hoe, “Ndao handalo any amin-dry Billy aloha.” Hoy izy hoe, “Izaho—izaho dia te-hiteny zavatra iray amin'i Bubby.” Hitanareo? Ary, am-pahatsorana, tsy mbola nahavita tsara tahaka an'io ny rahalahiny. Noho izany hoy izy hoe, “Handalo any aloha isika.”

⁹ Ary vao niditra ny varavarana mihitsy aho, dia mbola tao anatin'ny akanjomandriny i Billy. Dia hoy izy hoe . . . Nandeha aloha izahay, satria tena mafana ny andro. Ary noho izany hoy izy hoe . . . Naneno ilay telefona. Dia hoy aho hoe . . . Nijery ahy kely tahaka an'izao izy. Hoy aho hoe, “Angamba antso ho an'ny marary iray.” Ary Rahalahy Capps izany ho an'ny zanany, tao amin'ny efitra fandidiana tamin'izay fotoana izay, niaraka tamin'ny peropenita sy izay nihantona. Ary vao avy niteny tamiko izy ankehitriny fa ny zanany dia tena miha-mahazo aina, tena tsara.

¹⁰ Noho izany, hitanareo ve hoe ahoana no niasan'Andriamanitra fotsiny an'izany, na tao amin'ny feon'io zazalahy kely io fotsiny aza, Joe? Raha tokony ho nandeha tany amin-dry Rahalahy Norman, dia tsy nandeha tany, fa niakatra. Ary nikambana izaho sy Rahalahy Capps. Tsy milaza aho hoe ny fivavakay no nahavita an'izany, fa nidika zavatra ho azy ny nifandraisanay tahaka an'izany. Ary, am-pahatsorana, izany no . . . Rehefa manana ianareo—tsy maintsy manana finoana amin'izay hataonareo ianareo. Hitanareo? Ary, izany, ny finoany mba hiantso, ary i Billy dia . . .

¹¹ Nandany vola izy ireo. Hoy izy hoe, “Tsy maintsy tena lavitra be izany,” hoy izy, “tena nandany teo amin'ny vola madinika dimy dolara teo mihitsy izy, tao amin'ny telo . . . ho an'ny antso telo minitra.” Ary noheveriko fa avy tany New York ilay izy na tany amin'ny anankiray amin'ireo nosy na tahak'izany. Saingy nanao antso iray teo amin'ny olona samy olona izy, mba hahazo an'i Billy raha tokony ho i Loyce, hitanareo, ary lafo taminy ny fanaovana an'izany.

¹² Ary ankehitriny dia miha-mahazo aina ny zanany. Nilaza i Rahalahy Capps fa ilay dokotera no nanome azy fanantenana tena kely mihitsy mba hahatafavoaka azy tamin'izany, hitanareo, avy tao amin'ilay fandidiana. Ary mankasitraka an'Andriamanitra isika izao maraina izao ny amin'izany, tena faly ny amin'izany.

¹³ Ankehitriny, tonga izahay, teo amin'ny misandratr'andro izao maraina izao, ary natory teo amin'ny adiny telo teo aho, ary—ary tena reraka. Fa rehefa ny fiangonana . . . tonga ny fotoana handehanana aty am-piangonana, nahoana, dia tonga aho.

¹⁴ Ary raha sitraky ny Tompo, ankehitriny tsy maintsy mandeha any Kentucky aho, araka ny nolazaiko. Noho izany dia efa nampanantena aho ny hiresaka amin'ny Alahady anankiray raha mbola eto, ary tsaratsara kokoa ny hanaovako azy amin'io Alahady heriny io, satria ny manaraka aho dia . . . Tsy maintsy hiverina aho. Satria handeha indray aho, any Canada any. Noho izany aho—tsaratsara kokoa ny hanaovako azy amin'ny Alahady heriny, ary amin'ny Alahady heriny maraina.

15 Ary hoy Rahalahy Neville hoe, “Nahoana ianao no tsy mandeha any fotsiny dia miarahaba ny olona, ary miresaka amin’izy ireo minitra vitsy fotsiny?”

16 Hoy aho hoe, “Rahalahy Neville, tsy mbola nanokatra ny Baiboliko akory aza aho, zara.” Hoy aho hoe, “Izaho. . .”

17 Hoy izy hoe, “Eny, mandehana any ka mitenena zavatra iray amin’izy ireo.” Ary, Ranabavy Neville, izaho—izaho—izaho dia tsy mahafantatra hoe ahoana no hanaovanao an’izany. Olona tena mpandresy lahatra mihitsy izy. Fa raha mbola. . .

18 Tsy manana anjara hilaza an’izany aho rehefa hipoka ny toerana, ary feno olona, sy ny sisa, saingy tena mankasitraka an’Andriamanitra aho ny amin’ny pasitera iray tahaka an-dRahalahy Orman Neville. Mahatoky, tena mahatoky arak’izay azony hatao, amin’ily Antony, ary tsy mbola nandre azy nimonomonona mihitsy aho. Nipetraka tery aoriana tery aho. . . Nanana firesahana tsara iray antsasak’adiny taminy aho raha mbola finaritra tamin-dRahalahy Mann, ka noho izany dia hiteny aminy betsaka mikasika an’izany aho rehefa tonga any Colorado amin’ity taona ity. Noho izany rehefa finaritra tamin’ny hafany izahay, dia nanana resaka tsara iray tamin-dRahalahy Neville aho. Hoy aho hoe, “Tsy mbola afaka niresaka na inona na inona tamin’ny olona akory aza aho mikasika ny pasitera tsara antsika.” Hoy aho hoe, “Mikarakara tsara anao ve ny olona?”

Hoy izy, “Tsy mety ho tsaratsara kokoa intsony ilay izy.”

Dia hoy aho hoe, “Eny, faly aho mandre an’izany.”

19 Rehefa afa-po ny pasitera iray, ary afa-po ny olona, dia izany no manao fiangonana iray ho tena tsara, ary amin’izay fotoana izay dia afa-po Andriamanitra. Ary heveriko, eo am-pahitana azy ireo afa-po miaraka, indrindra amin’izao andron’ny Hafatra izay entintsika izao, dia heveriko fa izany no mampiseho ny fitohizan’ny Hafatra miaraka amin’ny olona sy miaraka amin’Andriamanitra. Hitanareo?

20 Ary tena mankasitraka aho ny amin-dRahalahy Orman Neville, sy ny vadiny tsara ary ny fianakaviana. Ka mivavaka aho mba hitehirizan’Andriamanitra azy ireo hahatoky Azy sy ilay Antony. Ary raha tena mahafaly Azy izany, dia enga anie isika hitsangana eto amin’ny tabernakla eto rehefa tonga ho antsika ny Tompo Jesosy, hitanareo, haka antsika amin’ily Fampakarana. Manantena isika fa isika roa dia ho tena antitra, Rahalahy Neville, ka ny anankiray hanana ny sandriny anankiray hanodidina an’ily hafa, ary hitsangana amin’ny tehintsika, mbola miezaka hihazona foana. Hitanareo? “Amin’izay fotoana izay dia hovàna isika, ao anatin’ny fotoana fohy, ao anatin’ny indray mipi-maso.”

Ary hihintsana ireto lamba tontan'ny nofo ireto,
 Ary hitsangana ka handray an'ilay loka
 mandrakizay,
 Ary hiantsoantso rehefa mandalo eny amin'ny
 habakabaka hoe,
 “Veloma, veloma,” oram-bavaka mamy.

Hiakatra any ambony any isika amin'izay fotoana izay.

²¹ Reko ny mikasika ny fahasitranan-dRahalahy Coomers avy tamin'ny Tompo, ary tena mankasitraka aho amin'izany. Zavatra maro be. Noho izany dia mankasitraka aho ny tonga eto izao maraina izao. Ary nieritreritra aho, raha tokony ho . . .

²² Tonga eto foana aho miaraka amin'ny lahateny iray, ary miresaka. Nieritreritra aho fa izaho fotsiny dia—fotsiny dia ho tonga izao maraina izao. Ary hoy aho hoe, “Rahalahy Neville, handinika ny famantaranandro tena am-pilaminana aho, ary angamba handefa ny olona hivoaka ara-potoana, ka hiresaka fotsiny aminareo avy ao amin'ny foko, minitra vitsy; dia ireo zavatra fotsiny, izay ananantsika mihitsy. . . Tsia, tsy mandray feo an'izao izy ireo na inona, noho izany dia hanana fiombonana mihitsy isika raha mbola ireo olon'ny fiangonana fotsiny no eto, hitanareo, isika miaraka fotsiny.”

Noho izany ndao isika hivavaka.

²³ Jesosy malala, mankasitraka Anao izahay noho ny tombontsoa izay azonay amin'ny fikambanana miaraka eto. Ary, oh, raha nijery an'ity tabernakla ity aho aninkeo maraina vao maraim-be, taorian'ny misasak'alina, nandalo, dia nieritreritra aho ny amin'ny hoe ahoana no Nanohananao azy.

²⁴ Ary mieritreritra an'ilay kamory fahiny izay teto aho, sy ireo zozoro goavana nitsangana, saiky eto amin'izay misy an'ity polipitra ity mihitsy. Raha mbola zazalahy kely iray, izaho—izaho dia nitsangana teto. Atoa. Ingram no nilaza fa afaka hahazo an'ilay tany amin'ny vola kely fotsiny izahay, ary mandoa zavatra iray; ary tsy nanam-bola, tsy nisy antoka, na inona na inona mba hatolotra, fa niezaka fotsiny. Ahoana fa ilay izy, tamin'izany fotoana izany, raha ny teti-bidiny manontolo dia roa arivo dolara mahery kely; miaraka amin'ny roapolo taona handoavana azy.

²⁵ Ary ankehitriny, Tompo, jereo ilay izy ankehitriny! Ary raha mbola teo amin'ny fiandohany izy, dia nipetraka tao anatin'ny lavaka iray teto, niditra tao anatin'ny rano; ahoana fa Ianao no nampantanena anay, tamin'ny alàlan'ny Teny hoe: “Izaho Tompo no namboly azy, Izaho no hanondraka azy andro aman'alina, fandrao hisy haharombaka azy amin'ny Tànako.”

²⁶ Tamin'izay fotoana izay ihany, dia hoy ny olona hoe, “Ao anatin'ny enim-bolana, dia hivadika trano fametrahana fiara io.”

²⁷ Fa fanahy an'arivony ara-bakiteny no nahita an'i Kristy teto amin'ny alitara teto. Ary ilay tabernakla, ilay batistera dia tsy nitsahatra. . . Natao batisa tamin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy ireo olona; niantso Ny Anarany, nanasa ny otany. An-jatony ireo kilemaina, ory, jamba, mandringa, maty ila, lanin'ny homamiadana, no nandalo avy teto amin'ity lampihazo ity; rehefa niditra, dia teo am-pahafatesana, ireo lehilahy sy vehivavy, zazalahy sy zazavavy, ary nivoaka mba hiaina fiainana vaovao, niaraka tamin'ny nofo vaovao teo amin'ny vatan'izy ireo, ary namindra indray; namela an'ireo sezany misy kodiarana, ireo tehiny, sy ny sisa. O Andriamanitra, ireo telopolo taonan'ny asa!

²⁸ Ray, tsaroako ilay maraina izay nametrahanay ny vato fehizoro. Ary Ianao no nanome an'ilay fahitana teo, nampiseho an'ilay toerana, feno sady hipoka, zoron-dàlana tsara tarehy iray; izaho—izaho dia nahafantatra fa tsy nety diso izany. Noho izany misaotra Anao aho ny amin'ireo zavatra rehetra ireo.

²⁹ Maro tamin'izy ireo no niady ny ady tsara, ka nahavita an'ilay hazakazaka, sy nihazona ny Finoana; mandry any, miandry, miala sasatra amin'ny asany ankehitriny, ary ny asany manaraka azy ireo; miandry an'ilay ora hitsofana ny trompetra, ary hivoaka ao amin'ny fiainana vaovao indray, vatana iray vaovao. Ny maro amin'izy ireo dia antitra sy mangovitry, ny sasany tanora, taona antenatenany, sy ny sisa. Fa deraina Ny Anaranao ho an'ny rehetra.

³⁰ Ankehitriny dia mitsangana eto indray izahay, eo anatrehan'ny—ny velona sy ny maty. Mivavaka aho mba Hanosoranao Ny Teninao izao maraina izao. Tsy mahafantatra zavatra anankiray ho lazaina aho, fa mivavaka aho mba Ianao no hanolotra an'izany, izay efa Nataonao foana, Tompo.

³¹ Tahio ny pasiteranay, Rahalahy Neville, ny vadiny. Tahio ireo mpitantan-draharaha, ireo komitin'ny diakona, ny mambran'ny vatana rehetra. Enga anie izahay, miaraka, tena hiaina ao amin'ity fiainana ity, mba hanananay ny Fiainana Mandrakizay ao amin'ilay fiainana ho avy.

³² Ampio izahay izao maraina izao mba handray an'ireo fanitsiana avy amin'ny Fanahy sy ny Teny, mba ahafahanay manomana ny tenanay raha mivoaka eo amin'ny varavarana izahay izao maraina izao, tapa-kevitra ao amin'ny fonay fa hiaina fiainana iray tsaratsara kokoa noho ny nanananay tamin'ny lasa. Mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

³³ Ankehitriny, izaho—izaho dia vao avy nanokatra ny Baiboly eto, ary minitra vitsy lasa izay no nitrangan'izany. Ao amin'ny Apokalypsy 3, noho izany dia hamaky eto fotsiny aho, eo amin'ny—ny Hafatra ho an'ny Fianganon'i Laodikia.

³⁴ Ary tiako ny hilaza, ihany koa, vao avy niteny tamiko Rahalahy Neville; Rahalahy Parnell, raha sendra nijery aho ka nahita azy mipetraka eto, dia ao amin'ny—ao amin'ny fifohazana iray, ao amin'ny faritr'ity Memphis ity mihitsy. Ao amin'ny—ny... raha misy aminareo mahafantatra an'izay misy an'ilay Wimpy fahiny, nisy an'ilay fivarotana hamburger taloha, izy dia manana ny—ny tranolay iray mipetraka any, miezaka mampiditra an'ireo amboara sy hahita raha misy olona very any amin'izany lâlana izany izay efa voatendry ho amin'ny fiainana, izay mety ho azony ho an'i Kristy amin'ny alàlan'ny asam-panompoany. Ary nakatony izany ny Alahady, noho ireo fivoriana ato amin'ny tabernakla, ary—ary tena mahatoky izany avy amin'ilay rahalahy. Ary tianay ho fantatrareo fa hisokatra ireo fivoriana amin'ny Alatsinainy hariva manaraka, amin'ny herinandro manaraka. Ary fantatro fa ianareo rehetra dia nasaina am-pitiavana mba handre an-dRahalahy Parnell hitondra ny hafany ny amin'ny fitiavan'i Kristy.

³⁵ Ary ankehitriny ndao isika hamaky avy ao amin'ny Apokalypsy ny toko faha-3, ampahany iray fotsiny, mba hilazana fa mamaky ny Baiboly isika. Satria, mety ho diso izay lazaiko, fa izay Lazainy dia tsy ho diso. Ary tsy fantatro hoe aiza no hanombohana, inona no atao, aiza no haleha, fa mamaky ny Taonan'ny Fiangonana Laodikia fotsiny aho.

...amin'ny anjelin'ny fiangonan'ny...Laodikiana soraty; Ireto zavatra ireto no lazain'ny Amena, ilay vavolombelona mahatoky sy marina, ary ny fiandohan'ny famoronan'Andriamanitra;

Fantatro ny asanao, ...tsy mangatsiaka na mafana ianao: Ianao dia...aleo ho mangatsiaka na mafana.

Koa satria matimaty ianao, ka tsy mangatsiaka na mafana, dia haloan'ny vavako ianao.

Satria hoy ianao hoe, Manan-karena aho, ary nitombo tamin'ny fananana, ka tsy mila na inona na inona; nefa tsy fantatrao fa ianao dia ory, ... mahantra, ...malahelo, ...jamba, ...mitanjaka:

Manoro hevitra ho anao aho mba hividy amiko volamena voadio tamin'ny afo, mba hanan-karena ianao;...fitafiana fotsy, mba hampikianjo anao, sy mba tsy hisehoan'ny henatrao noho ny fitanjahanao; ary hanosotra ny masonao amin'ny odi-maso, mba hahitanao.

Izay rehetra tiako, no anariko sy faiziko: koa dia mazotoa ianao, ka mibebaha.

³⁶ Fantatrareo, any ho any ao anatin'izao, raha namaky aho, izaho...Raha hamela ahy iray minitra ianareo, izaho—izaho dia nahita toerana iray izay toa ohatry ny tsara amiko, nefa tsy fantatro fotsiny hoe taiza no nisy azy ankehitriny. Inty ilay izy.

*...nefa tsy fantatrao...ory, ...mahantra, ...
malahelo, ...jamba, ...mitanjaka:*

³⁷ Oh, oadray, izany no karazan'ny sarin'ilay fiangonan'izao andro izao eto! Ankehitriny, izany dia, izaho—izaho dia mihevitra fa io taom-piangonana eto io, izay resahantsika... Mazava ho azy, manana ny taom-piangonana aho izay hivoaka ao anaty boky ankehitriny. Saingy satria izany ilay Taonan'ny Fiangonana Laodikiana izay misy antsika, dia ndao isika hijery fotsiny an'ireo toerana.

³⁸ Tsy te-haka lahateny iray aho na inona, satria isika dia tsy...hiresaka tsotsotra fotsiny, araka ny hitantsika mba hiresaka eo amin'izay hitarihan'ny Tompo antsika mba hatao, saingy zavatra izay hanampy antsika kosa.

³⁹ Ndao isika hieritreritra ny Taonan'ny Fiangonana Laodikia sy ny toerany amin'izao andro izao. Arak'izay fantatro, dia tsy mahita na inona na inona hisakana aho, amin'izao fotoana izao, ny Fihavian'ny Tompo Jesosy, afa-tsy ny tsi-fahavononan'Ny Fiangonany. Heveriko fa ny anankiray amin'ireo—ireo faminaniana...

⁴⁰ Omaly, rehefa tonga tamin'ny fiara, dia namily fiara roa andro izahay, avy tany Tucson, ho eto, roa arivo maily mihitsy, izaho sy i Billy. Ary noho izany izahay, ankehitriny, izany dia tsy nandika ny lalàn'ny hafainganam-pandeha. Nipetraka tsara izahay. Nipetraka teo aho, raha namily fiara izy, ary izaho—izaho namokona—namokona ny totohondriko tahaka ny basy iray miaraka amin'ny sofim-basy. Hitako izy manao fihoarana. Hoy aho hoe, “Andraso iray minitra, ry tovolahy.”

Ankehitriny, isika dia nilazana hoe, “Omeo an'i Kaisara izay an'i Kaisara.”

⁴¹ Avy eo dia tonga teto izahay omaly alina, nisy zazavavy kely iray nandry nivalampatra nitsivalana teo amin'ny lalana, teo amin'ny telo taona teo; maty tao anatin'ny hady ilay reny. Zazalahy mamo iray, tonga avy tany amin'ny R.O.T.C., valo ambin'ny folo taona izy, namily fiara roapolo amby zato maily isan'ora, teo amin'ny ilany havia an'ilay lalana, maty. Ary heveriko fa izy dia eo am-pahafatesana, ihany koa. Noho izany afaka mahalalala ianareo hoe inona ilay izy.

“Omeo an'i Kaisara izay an'i Kaisara.”

⁴² Olona tsy manan-tsiny no maty. Zazavavy kely iray telo taona no namoy ny ainy, noho ny miaramila iray mamo, hitanareo, namily fiara roapolo amby zato maily isan'ora, novinavinaina, teo amin'ny ilany ratsy an'ilay lalana. Tonga teo ambonin'ny havoana, dia nitifitra avy hatrany, ary namono azy ireo niaraka teo no ho eo. Izaho...Izy dia eo am-pahafatesana, ihany koa. Noho izany afaka mahita ianareo, na ilay andaniny tsy manan-tsiny aza no nanao...

43 Ankehitriny dia meloka noho ny fanahy iniana mamono olona io zazalahy io. Hitanareo? Heveriko fa raha tratra eny an-dàlana ny lehilahy iray, mamo, dia tokony omena folo taona izy, hentitra, noho ny lasa aloha...famonoana voomana mialoha; ny lehilahy rehetra, satria izy fotsiny... ny lehilahy rehetra.

44 Isika, tsy hahavita zavatra tsara iray amin'ny politika mihitsy isika. Lò izany. Ny hevitr'Andriamanitra amin'ny fahazoana mpanjaka iray, mpanjaka marina iray, no marina. Fa ny politika dia manitatra fotsiny ihany, afaka mividy ny zavatra rehetra ianareo; misoloky, mandainga, mangalatra, ny zavatra hafa rehetra. Araka ny nolazaiko Alahady vitsy lasa izay hoe: ary jereo hoe aiza no misy anareo, hitanareo, tsy misy afa-tsy vongana iray ifangaroan'ny zavatra rehetra fotsiny. Fa afaka manao ny lalàny manokana ny mpanjaka marina iray. Ary afaka mamono olona iray ianareo; raha mahay politika tsara, dia mety tsara izany, afaka amin'izany ianareo. Hitanareo? Ary noho izany, izany dia, izany—izany...

45 Hevitra tsara iray ny demokrasia, saingy tsy hety izany. Tahaka ny kominisma fotsiny, ny zavatra rehetra iraisana; toa ohatry ny tsara izany, saingy tsy hety. Tsia. Ny...Ny fomban'Andriamanitra amin'ny fahazoana mpanjaka iray, tahaka an'i Davida, no tsara, ary manana saina anankiray manapaka ianareo. Tahaka ny mpitarika anankiray sy andian-gisa iray, na ny sisa, tsy afaka maka roa na telo amin'izy ireo ianareo. Noho izany, raha afangaronareo miaraka izy rehetra ireo, dia ho tonga eo amin'ny karazan-kevitra rehetra ianareo.

46 Noho izany hitantsika ireo toerana, amin'izao andro izao, fa vonona ho amin'ny Fihavian'ny Tompo.

47 Fa, tahaka ahy sy Rahalahy Neville, ary ireo rahalahy hafa ireo dia miezaka miandry ny ondry, manana zavatra iray aho ato an-tsaiko ankehitriny, izay tonga, izay mety ho resahantsika.

48 Izany dia, naharay taratasy iray aho indray andro avy tamin'ny ramatoa tsara iray. Tsy izaho mihitsy no nandray azy; avy tamin'ny olon-kafa iray izany. Ary nandrovitra ahy ho potipotika marina tokoa izy, na niezaka ny hanao. Nilaza izy hoe, "Ianareo ve efa mba...Ianareo Christian Business Men ve tsy afaka manao zavatra iray hanakanana an-dRanadahy Branham?" Hoy izy, "Satria mamoaka an'io boky io izy ankehitriny antsoina hoe *Ny Taonan'Ny Fiangonana Laodikia*, hamoaka maro." Dia hoy izy, "Mandrovitra ny foto-pampianarana Pentekotista ho potipotika fotsiny izy." Hoy izy, "Ankehitriny miresaka izy fa tsy ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra no porofo voalohany." Ary hoy izy, "Avy eo, dia manohitra an'ireo

vehivavy mpitory teny izy.” Fa vehivavy mpitory teny io. Ary ireo zanakalahiny, dia ny sasany amin’ireo sakaiza tsara indrindra izay ananako eto amin’izao tontolo izao. Izy. . .Izy ireo no isan’ny sakaiza tsara indrindra izay ananako. Ary hoy izy hoe, “Ankehitriny. . .”

⁴⁹ Ary ity lehilahy ity sy ny vadiny, efa nihinana sakafo maraina niaraka tamin’izy ireo aho; hoy izy ireo hoe, “Rahalahy Branham, jereo ity. Efa nieritreritra an’ity ve ianao?” sady namoaka taratasy iray.

Hoy aho hoe, “Eny, ranabavy, tsy mahazo fotsiny izy.”

⁵⁰ Nilaza tamiko ireo zazalahy fa vehivavy mpitory teny iray ny renin’izy ireo, ary tsy manaiky ny Hafatra izy.

⁵¹ Ary ankehitriny milaza izy eto, hoy izy hoe, “Ankehitriny hoy izy hoe, “Tsy tokony hanana fahefana amin’ny lehilahy ireo vehivavy.” Hoy izy, “Ahoana ny amin’i Foiby ao amin’ny Baiboly, mpanampy an’i Paoly?”

⁵² Izany tokoa, mpivarotra entana iray izy. Ary nangataka ny olona i Paoly. . .Mihevitra ve ianareo fa nilaza i Paoly hoe, “Aoka ny vehivavy hangina ao am-piangonana, tsy hamela azy ireo hiteny,” nefa hiverina ka hanao hoe, “Ankehitriny, i Foiby, mpanampiko amin’ny Filazantsara, izy no hitory teny hariva vitsivitsy”? Nahoana, hampifanohitra ny teniny manokana izy. Hitanareo?

⁵³ Ary hoy izy, avy eo, teo amin’ny tampon’izany rehetra izany (Mino aho fa Estera ilay izy, izay anankiray amin’ireo mpitsara ao amin’ny Baiboly.), hoy izy, “Misy vehivavy iray mpitsara ao amin’ny Baiboly. Raha tsy izany no fahefana eo amin’ny lehilahy!”

⁵⁴ Ary io lehilahy mpandraharaha io dia sitrana teto amin’ny fiangonana mihitsy vao tsy ela izay, hoy izy. . .Ankehitriny, hoy ny vadiny hoe, “Ranadahy Branham, izany foana no manahiran-tsaina ahy.”

Hoy aho hoe, “Nahoana, ranabavy, ahoana izany no mampanahiran-tsaina anao?”

Hoy izy, “Eny, eto dia misy vehivavy mpitsara iray.”

⁵⁵ Hoy aho hoe, “Politika io, fa tsy fiangonana. Tsy misy idiran’io amin’ny fiangonana.”

⁵⁶ Hoy i Paoly hoe, “Aoka izy ireo ho eo ambanin’ny fankatoavana, araka ny lazain’ny lalàna ihany koa.” Ary ny lalàna dia tsy afaka mametraka vehivavy iray ho mpisorona; tsy afaka mametraka an’izany. Tsy mbola nahita vehivavy iray mpisoronabe mihitsy ianareo. Tsy mbola nahita vehivavy iray mpisorona mihitsy ianareo, na aiza na aiza ao amin’ny Baiboly. Tsy mbola nahita vehivavy iray mpitory teny mihitsy ianareo, ao amin’ny Baiboly. Izany tokoa.

⁵⁷ Ny sasany tamin'izy ireo dia mpaminanivavy, sy ny sisa; Miriama sy ireo sasany. Ary Estera...Mpitsara teo amin'ny Isiraely ny anankiray tamin'izy ireo. Indraindray izy ireo dia mpanjakavavy nanapaka azy, sy ny sisa tahaka an'izany, mpanjaka ary mpanjakavavy. Teo amin'ny fahafatesan'ilay mpanjaka, dia ny mpanjakavavy no tsy maintsy naka ny toerany mandra-pifidin'izy ireo mpanjaka hafa, sy ny sisa.

⁵⁸ Any—any Tucson, Arizona, dia manana vehivavy mpitsara iray izahay any ao an-tanàna. Izany no antony tena mampaloto an'ilay tanàna. Ary izahay dia manana...Tsy manana raharaha ao amin'ny politika ny vehivavy. Izy tsy manana raharaha ao amin'ny...eo amin'ny fahefana rehetra ao amin'ny fiangonana.

⁵⁹ Mpanjakavavin'ny lehilahy ao an-trano ny toerany. Ankoatr'izay, tsy manana na inona na inona izy. Ary fantatsika fa izany no Fahamarinana. Tsy hahita mihitsy ianareo...Fantatro fa toa fanao tranainy izany, saingy tompon'andraikitra aho.

⁶⁰ Ary fantatro fa, aorian'ny ialako amin'ity tany ity, dia hitohy ho velona ireto horonam-peo sy boky ireto, ary maro aminareo ankizy tanora no hahita, amin'ny andro ho avy, fa izao marina tokoa no Fahamarinana, satria miteny an'izany amin'ny Anaran'ny Tompo aho.

⁶¹ Ankehitriny, manontany isika hoe ahoana ny vehivavy iray, izay vehivavy tsara iray, ary nitondra teto amin'ity tany ity izy tamin'ny alàlan'ny vadiny, lehilahy tsara iray, iray amin'ireo tovolahy tsara indrindra izay hany nihaonako, izy ireo no lehilahy, izay hany hitako. Nefa haingana mihitsy, vantany vao nandre ny Hafatra mihitsy izy ireo, dia resy lahatra tamin'Izany, zato isan-jato. Ankehitriny, tonga avy amin'ny fanendrena mialoha fotsiny izany, ny fomba tokana izay ahafahany hahatongavana.

⁶² Ankehitriny, ilay fanontaniana dia, inty. Efa nieritreritra an'izany aho, hitanareo, ankehitriny hoe nahoana no nitondra ahy niverina ny Tompo. “Ary fantatrao izany, tsy fantatrao... Tsy fantatrao izany; ianao dia mitanjaka, mahantra, ory, jamba, nefa tsy fantatrao izany.”

⁶³ Alohan'ny ahatongavako eo amin'io toerana io, dia afaka mamehy an'izay nolazaiko andro vitsy lasa aho, eto tao amin'ny Hafatra iray eo amin'ny, mino aho fa ilay izy dia, *Ny Andriamanitr'Ity Izaio Tontolo Izaio Ity*; nanajamba ny mason'ny olona, ka manompo marina tokoa ny devoly ao amin'ny asa ara-pivavahana izy ireo. Efa azonareo ve izany rehetra izany? Azonareo rehetra ve ilay izy? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.]

⁶⁴ Ary avy eo ao amin'io Hafatra io ihany, dia nentiko ilay lohahevitra, hoe, ny vehivavy iray izay manao akanjo

tsy mendrika, tsy maotina, izy dia, ho voatsara eo amin'ny Hazo Fitsarana ho mpivarotena an-dàlambe iray. Toa tena hafahafa izany.

Mamelà ahy hanao sary kely iray aminareo.

⁶⁵ Ankehitriny, indro ny mpisolovava iray ao an-tanàna, lehilahy tanora iray, ary lehilahy tsara iray izy. Raha ny—ny ara-politika, dia heveriko fa afaka ny ho maotina toy ny rehetra izy, ny politikany. Ary avy eo dia mandeha miaraka amin'ny tovovavy iray izay tena malaza izy. Latsa-pitia izy ireo ary mivady. Mandeha any amin'ny fety rehetra sy ireo zavatra malaza izy ireo, ary miaraka misotro. Farany, izy... Manana trano tsara iray izy. Miaina ao anatin'ny fiaraha-monina tsara iray izy. Voahaja tsara izy eo anivon'ny olona. Saingy izy... Misotro izy roa ireo. Manao sorta izy, manapaka ny volony, manao lokon-tarehy, ny zavatra rehetra dia mampiseho fitanjahana fotsiny, vehivavy tsara tarehy mampidera ny tenany. Eny, tsy mandeha any am-piangonana mihitsy izy, mihitsy, na dia ny iray amin'izy ireo aza.

⁶⁶ Koa, mifindra, eo akaikin'ny varavaran'izy ireo, tonga ny vehivavy iray avy amin'ny fiangonana Batista na fiangonana Metodista, izy sy ny vadiny. Ankehitriny, io vehivavy io...

⁶⁷ Ndao ataontsika hoe Metodista ilay izy, satria ny Metodista dia mizotra kely kokoa mankany amin'ny fahamasinana noho ny Batista; izy rehetra afa-tsy ny Batistan'ny Testamenta Vaovao, izy ireo no mino ny fahamasinana. Fa, mazàna, tsy miraharaha ny fahamasinana mihitsy ireo Batista, hitanareo. Tsy mino ny zavatra tahaka an'izany izy ireo. Noho izany, ankehitriny, ndao ataontsika hoe Metodista ilay izy satria izy ireo no mino ny fahamasinana.

⁶⁸ Ary avy eo mifindra eo akaikin'ny varavaran'io vehivavy io ny vehivavy Metodista iray, eo amin'ilay lalana iray ihany. Ny vadiny dia ny... Ndao ataontsika hoe mpanamarim-bolam-panjakana izy, ary, na birao anankiray. Eny, mijery an'ilay vehivavy hafa io vehivavy Metodista io.

⁶⁹ Ary rehefa mivoaka ny tanàna ity mpisolovava ity... John no anarany; ndao atao hoe John ny anarany. Ankehitriny, aza heverina ho marina izany ankehitriny. Mandray anarana foronina fotsiny aho ankehitriny. Ary John no anarany. Eny, niaraka tamin'i Ralph izy taloha. Ary anarana foronina izany, izy rehetra, hitanareo, mba hahazoanareo an'ilay tantara fotsiny, hanaovana an'ilay sary.

⁷⁰ Eny, ny zavatra voalohany fantatrareo, teo amin'ny fetim-pisotroana iray, dia mamihina azy indray i Ralph. Eny, mirehitra tanteraka izy, satria latsa-pitia tamin'i Ralph indray izy, araka ny fiheverany. Avy eo, afaka kelikely, dia manomboka mihaona aminy i Ralph. Ary azony afenina an'i John izany, manakona an'izany amin'ny masonry. Ary mihevitra izy fa

ganagana tena fetsy iray, satria afaka miaraka amin'i Ralph izy, no manambady an'i John. Hitanareo, ilay vehivavy dia tsy manana ny fitondrana ny tena fahamaotinana akory aza, ary tsy mieritreritra na inona na inona mikasika an'izany izy.

⁷¹ Fa niakatra teo amin'ny talantalana hafa iray ity vehivavy Metodista ity. Izy dia, fara-faharatsiny, nandeha tany am-piangonana, ary mihevitra izy fa mahatsiravina io vehivavy io. Nahoana, milaza amin'ny vadiny izy, rehefa tonga izy hoe, "Hitako miditra ao io lehilahy io ary mihaona aminy. Ary rehefa any ivelany amin'ny zavatra iray any ho any i John, Philadelphia na any ho any, dia entiny mivoaka amin'ny fiarakodiany izy, dia mitsotra eny amin'ny tora-pasika izy ireo. Hitako izy ireo tonga ao an-trano; tsy mampidina lamban'efitra akory aza indraindray, manoroka azy ary manao fitiavana aminy, manaraka... Oh, tsy mampahatahotra ve izany?" hoy izy amin'ny vadiny. "Nahoana, tsy misy afa-tsy mpivarotena ampahibemaso iray izy." Marina izany. Mbola ratsy lavitra noho ny mpivarotena ampahibemaso iray izy, satria vehivavy manambady iray. Hitanareo? Ary izy, io vehivavy io, io vehivavy Metodista io, dia mihevitra fa mahatsiravina izany, tsy mandeha any am-piangonana mihitsy izy.

⁷² Ankehitriny, io vehivavy Metodista io dia tsy hanao zavatra iray tahaka an'izany. Tsia, tokoa. Vehivavy maotina iray izy. Ary zavatra hafa anankiray, tsy hikitika whisky kely iray izy, satria, ny fiangonana Metodista, ny sivifolo isan-jaton'ny fandaharan'izy ireo dia fandrara manohitra ny whisky, manohitra ny whisky. Noho izany, manana fandaharana fandrara iray izy ireo, ary ireo olon'io fiangonana Metodista io dia tsy miaina avo noho izay ampianarin'io fiangonana io.

⁷³ Nefa io vehivavy iray io ihany, io vehivavy Metodista io, dia mivoaka, amin'ny hariva iray, miaraka amin'ny vadiny, manao sorta ny Alahady, aorian'ny sekoly Alahady. Manapaka ny volony izy. Manao lokomena izy, ary mifoka kely mihitsy aza.

⁷⁴ Ankehitriny, ao amin'ny Tenin'Andriamanitra, dia samy mpivarotena izy roa, fa *ity* anankiray eto ity dia "mitanjaka, ory, mahantra, jamba, nefa tsy fantany an'izany." Ny anankiray dia tena meloka tahaka an'ilay hafa, satria, "Ny lehilahy iray izay mijery vehivavy, ka mila azy, dia efa nijangajanga taminy sahady tao am-pony."

⁷⁵ Ary raha io vehivavy io, ankehitriny, no hanao hoe, "Andraso iray minitra fotsiny, Atoa. Branham. Homeko anao mba hahazoanao, tsy mpivarotena aho." Ranabaviko, angamba raha ho entina eo anatrehan'ny Baiboly iray ianareo, ka hametraka ny tananareo eo ambonin'Izany eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, ka hianiana amin'ny fianianana iray fa ianareo dia efa tena marina mihitsy, marina tamin'ny

vadinareo arak'izay vitanareo. An'ny vadinareo ny vatanareo, fa ny fanahinareo dia an'Andriamanitra. Misy fanahy ratsy iray nanosotra anareo. Raha izany, raha tsy izany ianareo, amin'izay fotoana izay ianareo dia...Azoko porofoina fa marary saina tanteraka ianareo.

⁷⁶ Inona no ho nitranga amin'ny renibenareo raha nivoaka nandeha teny an-dàlambe nanao an'ireny sorta ireny izy? Ho nametraka azy ao amin'ny toeram-pitsaboan'ny marary saina izy ireo; nivoaka tsy nanao ny akanjony izy. Misy zavatra tsy mety ao amin'ny sainy. Raha toy izany ilay izy tamin'izany, dia toy izany ilay izy ankehitriny.

⁷⁷ Noho izany mandefa an'izao tontolo rehetra izao any amin'ny fahararian-tsaina izany. Marary saina ilay zavatra manontolo. Ary tena mandadilady tsikelikely izany hany ny olona ka tsy mahafantatra an'izany.

⁷⁸ Ankehitriny, mpivarotena iray ve izy? Tsy amin'ny vadiny, ny voady ho an'ny vatany. Fa, eo anatrehan'Andriamanitra, dia manana fanahy ratsy, mpivarotena iray izy eo aminy, izany no manao azy hiakanjo tahaka an'izany. Ary ao amin'ny Taonan'ny Fiangonana Laodikiana izy, nefa tsy fantany fa manao an'izany. Ilay vehivavy tsy manan-tsiny dia tsy mahafantatra fa hitsara azy ho mpivarotena iray Andriamanitra. Eo ianareo izao.

⁷⁹ Ento eo aminy Izany; tsy afaka miteny azy ianareo. Tsy misy fomba hitondrana an'Izany eo aminy. Hoy ny Baiboly hoe, "Mitanjaka izy ireo nefa tsy fantany izany."

⁸⁰ Raha hiantso azy hoe mpivarotena iray ianareo, manokana, dia hisambotra anareo izy. Hisambotra izy. Tsy miresaka mikasika olona manokana mihitsy aho. Miresaka mikasika ny fahotana aho. Izaho tsy manao hoe, "*Ity* fiangonana iray ity, Atoa. *Ranona-sy-ranona* itsy, Rev. *Ranona-sy-ranona*, izy dia..." Tsia, tsia. Milaza aho hoe, ilay foto-pampianaran'izany, hitanareo, ilay zavatra manontolo miaraka. Tsy manonona isam-batan'olona aho. Tsy isam-batan'olona ilay izy. Izany dia ilay rafitra izay misy azy ireo. Ilay rafitr'izao tontolo izao izany.

⁸¹ Rahalahy George Wright izay mipetraka eto dia...Dimy amby fitopolo na valo amby fitopolo taona izy, heveriko. Inona no heverinao fa hitranga raha nahita an-dRanabavy Wright ianao indray andro, ka nitsangana tao anaty sorta izy? Nahoana, ianao dia tsy nanao mihitsy, ianao dia—ianao dia hanidy an'ilay vehivavy mihitsy. Tsy ho nanambady azy mihitsy ianao. Eny, raha nisy taminareo lehilahy tanora ireo nanao an'izany tamin'izany andro izany, dia zavatra toy izany ihany no ho niseho. Eny, raha fahotana sy ratsy izany tamin'izany fotoana izany, dia zavatra mitovy ilay izy; saingy mitombo ao anatin'ny fahararian-tsaina ny olona.

⁸² Mamelà ahy haminany zavatra iray aminareo, alohan'ny hisehoany mihitsy. Mitambatra ao anatin'ny fahararian-tsaina izao tontolo rehetra izao, ary ho lasa miha-ratsy sy miha-ratsy ary miha-ratsy, hany ka ho lasa andian'adala iray izy ireo. Efa saiky izany ilay izy ankehitriny.

⁸³ Azonareo eritretina ve ny lehilahy iray mamily fiara maty ny jirony, eo amin'ny ilan'ny lâlana tsy izy; ricky iray, ankizy tanora iray, natao hivoaka avy ao amin'ny sekoly ambony, no mamono andian'olona iray. Hampijanona azy ireo ve izany? Tonga aoriany avy hatrany ilay anankiray manaraka, hanao an'ily zavatra iray ihany. Azonareo eritretina ve ny lehilahy tanora iray izay misaina amin'ny tenany . . . ny zavatra avy aminy manokana, hivoaka eto ka hanao ny fomba izay ataon'izy ireo?

⁸⁴ Azonareo eritretina ve ny vehivavy tanora iray, ao amin'ny fivelaran'ny maha-vehivavy iray, tsara tarehy, tsara vatana, tomady, tsanganana, endrika, tsara tarehy; ary ilay tena zavatra mikasika ny vatany tsara mihitsy no mampiseho fa eo amin'ny andro farany isika. Hitanareo, lasa tanteraka any amin'ny toetran'izao tontolo izao izy, ireo zavatr'izao tontolo izao fa tsy ny hatsaran-tarehin'ny fahamasinana, ny fahalemem-panahy ao amin'ny fanahiny. Efa nahita vehivavy aho, ny ivelan'izy ireo dia tsy nisy na inona na inona ho jerena, fa mitenena indray mandeha amin'izy ireo ianareo, miresaha amin'izy ireo minitra vitsy, zavatra iray tena izy tsy ho azonareo esorina izy ireo. Hitanareo, ny hatsaran-tarehin'ny ivelan'izany dia avy amin'ny devoly, avy amin'izao tontolo izao izany.

⁸⁵ Jereo ireo zanak'i Kaina, ahoana no nidiran'izy ireo tao anatin'izany. “Rehefa hitan'ireo zanakalahin'Andriamanitra fa tsara tarehy ireo zanakavavin'ny olona, dia nalainy ho vady izy ireo,” ary tsy navelan'Andriamanitra mihitsy izy ireo.

⁸⁶ Jereo, rehefa ireo vehivavy Isiraelita ireo niaraka—niaraka tamin'ny tânana nisy kitro, sy volo henjana; rehefa tonga teo amin'ny tanin'i Moaba ireo zanakalahin'Andriamanitra, ka nifanena tamin'ireo vehivavy jejo niaraka tamin'ny volo tsara voatra, sy haingo, ary fanosorana be dia be teo amin'ny tavany, na inona no iantsoanareo azy; ary rehefa hitan'ireo zanakalahin'Andriamanitra ireo vehivavy tena tsara tarehy ireo, dia hoy ny mpaminany sandoka iray hoe, “Mitovy isika rehetra.” [Nikapokapoka in'enina ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Ary naka vady teo anivon'izy ireo izy, ka tsy navelan'Andriamanitra mihitsy izy ireo.

⁸⁷ Levona tany an-efitra izy ireo. Maty tao ny tsirairay avy tamin'izy ireo, tsy nisy fanantenana, tsy nisy an'Andriamanitra, ary very Mandrakizay; voaozona mandrakizay, na nahita ny fahatsaran'Andriamanitra aza izy ireo, na nisotro avy tamin'ny loharano izay tsy ritra mihitsy aza izy ireo. Nisotro avy tamin'ily vatolampy nokapohina

izy ireo. Nahita an'ilay menarana varahina nanao fahagagana izy ireo. Nivoaka avy teo ambanin'ny batisan'i Mosesy tao amin'ny ranomasina izy ireo. Nahita ny tanaan'Andriamanitra izy ireo. Nihinana sakafon'Anjely izy ireo, ary nanao an'ireo zavatra rehetra ireo. Fa nanambady tao, namela an'ireo vehivavy hitondra azy ireo, ary naka vady teo anivon'izy ireo. Tsy nijangajanga, fa naka vady teo anivon'izy ireo fotsiny; tsy navelan'Andriamanitra mihitsy izany.

⁸⁸ Io no fotoana faharoa nisian'izany. Ankehitriny dia indro isika eo amin'ny fotoana fahatelo, mamitaka lavitra noho ny hatramin'izay ankehitriny.

⁸⁹ Fantatro fa mafy izany. Ary nanontany tena aho matetika, tamin'ny fomba maro, hoe ahoana no haha-izy azy rahatrizay? Nahoana aho no tsy maintsy miresaka am-pahasahiana amin'ny olona? Inona no manao an'ilay izy ho toy izany? Kanefa, voamariko, fa raha tsy Andriamanitra izany, dia tsy hisy olona, tsy hisy vehivavy iray hipetraka sy hihaino ahy. Fa miverina izy ireo, satria misy olona izay manana vatofantsika kelin'ny Fahamarinana eo, izay mahafantatra fa marina Izany. Tsy mampaninona, fa fantatr'izy ireo fa marina Izany. Ankehitriny diniho izay mitranga. Fantatro fa mafy ilay izy.

⁹⁰ Izany dia tahaka ny dokotera iray fotsiny izay manome fanafody anareo, nefa mandà ny handray an'izany ianareo, amin'izay fotoana izay aza manome tsiny an'ilay dokotera raha maty ianareo. Ary Ity dia tahaka ny fanafody. Ahoana ny amin'ireo olona izay milaza amiko foana ho mpankahala vehivavy?

⁹¹ Hitanareo, jereo fotsiny ny fomba ataon'ireo vehivavy, dia hasehoko anareo hoe aiza no misy an'ilay fiangonana. Ireo fitondran-tenan'ny vehivavy ao Laodikia, eto amin'izao tontolo izao, ara-batana dia, "mitanjaka, ory, jamba, nefa tsy fantany izany," ny—ny olona, ireo vehivavin'izao tontolo izao. Ary ao amin'ilay toerana iray ihany ny fiangonana. Jereo fa ilay ara-boajanahary dia manao tandindona an'ilay ara-panahy, hatrany mihitsy, isan'andro. Ankehitriny, indray andro any eo amin'ny Hazo Fitsarana . . .

⁹² Fantatro fa tsy malaza ny filazana an'izany. Ary raha tsy voatendry hilaza an'izany ny olona iray, dia tsaratsara kokoa ho anareo ny tsy milaza azy; satria maka tahaka ianareo, ary amin'izay fotoana izay ho tafiditra ao anatin'ny olona ianareo, tena azo antoka.

⁹³ Ankehitriny mariho. Izaho tokoa dia, toy ny hoe, matetika, efa nihazona ny vavan'ny vehivavy iray nisokatra ka nandrarakana an'ilay Fanafody tao am-bavany, ary avy eo dia nametraka ny tanao teo amin'ny vavany, nefa mandò an'Izany isan'andro izy. Ahoana moa raha nanao an'izany tamin'ny marary iray ny dokotera, avy eo dia maty ilay

marary satria nolavin'izy ireo ny hitelina an'ilay fanafody? Eo amin'ny Hazo Fitsarana, rehefa ireo zavatra rehetra ireo toy ny manapaka volo sy ny manao sorta ary . . .

⁹⁴ Manorina fotsiny aho. Efa tena antomotra ilay ora izay hahitanareo zavatra hitranga, rehefa hiseho ny zavatra iray. Ary ity fanorenana eto ity dia mametraka fototra iray fotsiny ho an'ny Hafatra iray fohy, haingana izay hanozongozona an'ireo firenena rehetra.

⁹⁵ Nahoana aho no nanindrona an'ireo vehivavy, izany dia napetraka eto fotsiny ho an'ny zavatra iray izay hahafahanareo hahatratra azy eo amin'ny lohany mihitsy, miaraka amin'izany. Miezaka miteny amin'izy ireo an'izay marina mihitsy aza. Ary nihazona tãnana tahaka an'izao aho, toy ny hoe teo amin'ny vava, fa naloan'izy ireo Izany. Iza àry no afaka hanome tsiny an'ilay dokotera?

⁹⁶ Inona no ho lazainareo, amin'ny Andron'ny Fitsarana, rehefa ireo tena feo izay niantsoantso nanohitra an'izany, no handefa avy hatrany an'ilay fandraisam-peo eo anatrehan'ny olona? Amin'izay fotoana izay dia ahoana no hialan'izy ireo amin'izany?

⁹⁷ Handò an'Izany eo anelanelan'ny rantsan-tànanareo izy. Mandrarà misimisy kokoa hatrany, farany dia hanodinkodina ny lohany izy ireo amin'izay fotoana izay ary hikomy indray, ka hiverina, tsy hanao an'izany. Kanefa, miverina indray ianareo ary mandraraka an'Izany indray. Iza àry no homena tsiny? Tsy ilay dokotera, tsy ilay Fanafody, fa ny toetran'ilay olona. Tena marina tokoa izany. Ho andro iray mahatsiravina, indray andro any, rehefa mitsangana eo anatrehan'Andriamanitra Tsitoha ity taranaka mpanota mpijangajanga ity.

⁹⁸ Mahita ny taonako mitombo aho, ny soroko milatsaka; ary, fantatro, ireo telopolo taona teto amin'ity lampihazo ity, hia, telo amby telopolo taona teto amin'ny saha. Fiainana lava izany. Izany dia telo amby telopolo taona ho an'ny asa. Nenina tokana ihany no ananako; izany dia ny tsy nananako telo amby telopolo amby zato taona ho an'izany. Satria izao no fanararaotra farany izay hany hananako, raha mbola mety maty eto, hitoriana ny Filazantsara. Hanampy ahy anie Andriamanitra mba hijoro marina dia marina arak'izay tratrany, ho an'ity Teny ity, ka hilaza fotsiny arak'izay Lazainy.

⁹⁹ Inona no nanao an'io vehivavy Metodista io . . . Ahoana no mba hahafahanareo mampahafantatra azy an'Izany? Indro izy, ao amin'io Taonan'ny Fiangonana Laodikia io.

¹⁰⁰ Ankehitriny dia haka an'ilay vehivavy Pentekotista isika. Tsy tokony hanao sorta izy, lokon-tarehy, na hanapaka ny volony, fa mijery an'ilay Metodista izy, manao hoe, "Jereo

io vehivavy io fa manao an'izao-sy-izao!” Ndao atao hoe tsy manao sorta ilay vehivavy, fa hoy izy hoe. . . ary ny tenany koa aza miaraka amin'ny volo tapaka. Hitanareo?

¹⁰¹ Arakaraky ny hisondrotanareo avo eo amin'Andriamanitra, dia mpanota be tahaka an'izany koa ilay zavatra manontolo. Ary avy eo indraindray, ao amin'ny vavaka, dia azonareo eritreretina, rehefa mampiakatra anareo ao amin'ny faritra iray ny Fanahy Masina, amin'izay fotoana izay dia toy ny fahapotehana ilay zavatra manontolo. Amin'izay fotoana izay rehefa miverina midina ianareo, ianareo dia toy ny hoe, amin'ny olona, karilahy iray, hoe ianareo dia—ianareo dia tsy misy afa-tsy saro-po antitra iray. Adala iray ianareo, satria mitsangana toy ny antitra masiaka iray ianareo ary mananatra ny olona foana. Fa raha mba miditra ao anatin'ireo faritra ireo indray mandeha ianareo, izay ahafahanareo ho eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra (tsy amin'ny alàlan'ny fihetseham-po, fa misandratra amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina tena izy), ny zavatra manontolo dia voasoratra hoe, “IKABODA.” Niala tamin'ilay antokon'anaram-piangonana manontolo ny Voninahitry ny Tompo. Marina izany. Tsy misy na anankiray amin'izy ireo aza mba marina.

¹⁰² Ankehitriny mamelà ahy hanao sary faribolana kely iray aminareo. Raha nanana solaitrabe iray aho. . . Fa tiako ianareo handinika eto. [Manao sary an'ireo boribory mifanaraka eo amin'ny zavatra iray Rahalahy Branham—Mpand.] Hanao boribory iray tahaka an'izao aho, ary hanao boribory hafa iray ato anatin'ity boribory ity, izany hoe roa, avy eo dia hanao boribory iray ao anatin'ity boribory ity. Izany hoe boribory telo, faribolana telo. Ankehitriny, io ianareo.

¹⁰³ Ity dia Andriamanitra. Andriamanitra ao amin'ny trinite iray dia Iray, ary tsy Andriamanitra Izy raha tsy misy ny trinite iray. Tsy afaka ny ho voaseho amin'ny fomba hafa iray Izy.

¹⁰⁴ Ary na ianareo aza dia tsy afaka ny ho voaseho raha tsy olona trinite izay maha-izy anareo, izany hoe: vatana, fanahy, aina. Raha tsy misy ny iray amin'izy ireo aza, dia tsy feno ianareo. Hitanareo? Raha tsy nanana aina iray ianareo, dia ho tsinontsinona; raha tsy nanana fanahy iray ianareo, dia ho tsinontsinona; raha tsy nanana vatana iray ianareo, dia ho fanahy iray fotsiny, fa tsy vatana iray.

¹⁰⁵ Noho izany, feno ao anatin'ny firaisana telon'ny Tena iray Andriamanitra; tsy firaisana telon'ireo tena, fa Tena Iray ao amin'ny firaisana telo. Ny Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina dia Andriamanitra marina iray voaseho. Andriamanitra!

¹⁰⁶ Mariho eto, andraso fotsiny, izaho—izaho dia mino fa vao avy namaky azy minitra vitsy lasa izay. Henoy ity.

...amin'ny anjelin'ny fiangonan'ny...Laodikiana soraty; Ireto zavatra ireto no lazain'ny Amena, ilay vavolombelona mahatoky sy marina, ny fiandohan'ny famoronan'Andriamanitra;

107 Andriamanitra no Mpamorona. Fa ahoana no mba Niforonany? Fa ity dia “ny fiandohan'ny famoronan'Andriamanitra.” Rehefa Andriamanitra, ilay Fanahy, no niforona tao amin'ny endrika Olona iray, dia izany no Andriamanitra voaforona; Andriamanitra ilay Mpamorona, Izy tenany, dia lasa famoronana iray. Andriamanitra, Izy nanao ny vovoka, nanao ny kalsioma, nanao ny potasy, ny hazavana kosmika, ny solika, dia naka ny zavatra niaraka ka namorona ny Tenany, tao amin'ny “ny fiandohan'ny famoronan'Andriamanitra.”

108 “Ny Amena,” ilay famaranana. *Amena* dia midika hoe “ho tanteraka izany.” “Ny famaranan'Andriamanitra,” rehefa nahafeno ny Famoronany Andriamanitra.

109 Ankehitriny, ahoana izany? “Tsy nisy olona nahita an'Andriamanitra na oviana na oviana, fa ny Lahitokan'ny Ray no nanambara Azy.” Azonareo ve ilay izy?

110 Hono ho'aho, iray minitra fotsiny, tsy maika ianareo. Ndao isika hamadika ao amin'ny Kolosiana, iray minitra fotsiny. Izaho dia sendra fotsiny...tonga tao an-tsaiko ny Soratra iray. Ndao isika hamadika ao amin'ny Kolosiana, ny Bokin'ny Kolosiana, ary haka ny...Mino aho fa ny toko faha-1 ilay izy. Tsy maintsy hijery an'ity aho, satria tsy voamana mialoha ilay izy eto. Noho izany aho dia... Tahaka ahy taloha, fony aho mpitory teny tanora iray, dia afaka nieritreritra an'ireo zavatra ireo [Manapoapoaka ny rantsan-tànany Rahalahy Branham—Mpand.] eo no ho eo mihitsy, saingy satria miha-antitra aho dia tsy vitako. Ndao isika hanomboka amin'ny andininy faha-9, mino aho. “Ho an'izany anton'izany...” Paoly no miteny amin'ireo Kolosiana ny amin'i Kristy, hoe Iza Izy.

Ho an'izany antony izany izahay koa, hatramin'ny andro nandrenesanay azy, dia tsy mitsahatra mivavaka ho anareo, sy...maniry mba hahatonga anareo hofenoina ny fahalalana rehetra an'ny sitrapony ao amin'ny fahendrena rehetra avy amin'ny fanahy sy fahazoana;

Mba handehananareo mendrika ny Tompo amin'ny fifaliana rehetra, mahavokatra amin'ny asa tsara rehetra, ary mba hitombo amin'ny fahalalana an'Andriamanitra;

Hampahatanjahina tanteraka...araka ny herin'ny voninahitra, amin'ny faharetana sy fahari-po miaraka amin'ny fifaliana;

Manolotra fisaorana ho an'ny Ray, izay efa nampahamendrika . . . izay nampahamendrika antsika ho . . . mpandray anjara amin'ny lovan'ireo masina . . .

Izay efa nanafaka antsika tamin'ny fahefan'ny maizina, ka efa namindra antsika ho amin'ny fanjakan'ny Zanany malalany:

- 111 Indro tonga isika ankehitriny. Diniho.

Izay ananantsika fanavotana amin'ny ràny, na dia ny famelana ny fahotana aza:

Izy no endrik'Andriamanitra tsy hita maso, . . .

- 112 Azonareo ve ilay izy? Ny andininy faha-15, Kolosiana 1:15.

. . . ilay lahimateoan'ny zava-boahary rehetra:

- 113 Amena! Ilay inona? “Ilay lahimateoan'ny zava-boahary rehetra.” Na Anjely izany, na izay rehetra mety haha-izy azy; Izy no lahimateoan'ny zava-boahary rehetra.

Fa tao aminy no namoronana ny zavatra rehetra—namoronana ny zavatra rehetra, izay any an-danitra, na . . . ety an-tany, hita maso . . . tsy hita maso, na fiandrianana izy ireo, na fanjakana izy ireo, . . . fanapahana, . . . fahefana: izy no nahariana ny zavatra rehetra, ary ho azy:

- 114 [Mitsoka rivotra Rahalahy Branham, manetsiketsika ny molony—Mpand.] Na mety ho inona izany; tsy misy tena hafa! Mariho, “Ary ao amin'ny . . . Ary izy noho izany . . .”

. . . izy no talohan'ny zavatra rehetra, ary ao aminy no aharetan'ny zavatra rehetra.

- 115 Na Ray izany, Zanaka, Fanahy Masina, na inona na inona ilay izy, “Izy no talohan'ny zavatra rehetra.” “Talohan'ny zavatra rehetra izay any An-danitra, ety an-tany; hita maso, tsy hita maso, na ny zavatra rehetra,” io Zanak'Andriamanitra io dia talohan'ny zavatra rehetra. Marina ve izany? Tsy ahoako, na fiandrianana izany, fanjakana, na inona na inona ilay izy; fiandrianan'ny Lanitra, fanjakana, na mety ho inona izany ao amin'ilay faritra lehibe ivelan'ny voajanahary any ankoatra, ao amin'ireo Mandrakizay izay nisy azy; na inona na inona ilay izy, Anjely, andriamanitra, na inona na inona ilay izy, “Izy no talohan'ny zavatra rehetra.” Amena! Tsy afaka mahita Azy ve ianareo? “Izy no talohan'ny zavatra rehetra; ary Izy no nahariana azy. Izy . . .” Ny andininy faha-17.

Ary izy no talohan'ny zavatra rehetra, ary ao aminy no aharetan'ny zavatra rehetra.

- 116 Tsy misy na inona na inona afaka mampandeha azy afa-tsy Izy. Na Andriamanitra ilay Ray izany, Andriamanitra ilay Fanahy Masina; na ireo Anjely izany, fanapahana, fahefana, fanjakana; na inona na inona ilay izy, Izy no mampandeha ny zavatra rehetra. “Izy no mampaharitra ny zavatra rehetra.” Izy!

Ary izy no lohan'ny vatana, ilay fiangonana: dia ilay voalohany—dia ilay voalohany, ny lahimatoa amin'ny maty (izany hoe, hanangana an'izay Nahatongavany mba havotana); mba ho lohany amin'ny zavatra rehetra izy.

117 “Mba ho lohany,” fantatrareo ve ny dikan'izany? Izany hoe, “ambonin'ny rehetra.” Ambonin'ny zavatra rehetra izay hany noforonina Izy; ny Anjely rehetra, ny tena rehetra, ny rehetra—ny zavatra rehetra izay misy. Izy no ambonin'ny zavatra rehetra. Zava-boahary inona Izany? Iza no mety ho izany? Ambonin'ny zavatra rehetra! “Sady nanao fampihavanana...” Ndao isika hijery, iray minitra fotsiny. Loha-...

Fa sitraky ny Ray ho ao aminy no hitoeran'ny fahafenoana rehetra;

118 “Ny fahafenoana rehetra an'ny zavatra rehetra.” Ny fahafenoan'Andriamanitra rehetra, ny fahafenoan'ny Anjely rehetra, ny fahafenoan'ny fotoana rehetra, ny fahafenoan'ny Mandrakizay rehetra; ny zavatra rehetra dia mitoetra ao Aminy. Izany io Olona io.

Ary, nanao fampihavanana tamin'ny alàlan'ny rà teo amin'ny hazo fijaliany, izy no nampihavana ny zavatra rehetra tamin'ny tenany; tamin'ny alàlany, hoy aho, na ny zavatra eto an-tany izany, na ireo zavatra any an-danitra.

119 Izany io Tena lehibe izay resahantsika io, “Ilay fiandohan'ny famoronan'Andriamanitra.”

120 Ankehitriny, ankehitriny io, ny Fiangonana, ilay tena Tanjony manontolo dia ny Fiangonana. Ankehitriny ahoana no hidirantsika ao amin'io Fiangonana io? “Tamin'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra ao amin'ny Vatana iray,” ny Fiangonana, ilay Vatan'i Kristy. Tsy mety diso izany.

121 Ankehitriny, inty ilay mitranga. Ankehitriny diniho ity, sary fanehoana kely iray fotsiny eto. [Mampiseho ny sariny an'ireo boribory telo indray Rahalahy Branham—Mpand.]

122 Ankehitriny, ity ivelan'ny olona ity dia ny nofo. Izany no jerentsika; izay hitantsika. Ary manana fidirana dimy amin'ity vatana ity izy. Ary ny ankizy rehetra an'ny grameran-tsekoly, tahaka ny tenako, dia hahafantatra fa misy taovam-panamboloana dimy mifehy ny vatana; mahita, manandrana, mahatsapa, manimbolo, ary mandre. Raha tsy misy an'izany, dia tsy afaka mikasika an'ilay vatana ianareo. Izany ihany no fomba tokana anananareo an'ilay vatana; mahita, manandrana, mahatsapa, manimbolo, mandre; hitanareo ilay izy, andramanareo ilay izy, tsapanareo ilay izy... Ankehitriny, io ilay anankiray ratsy, ilay eo ivelany.

123 Ankehitriny, ao anatin'io dia fanahy iray, izay nahalasa anareo rehefa teraka teto an-tany ianareo ka

notsofina teo aminy ny fofon'ain'ny fiainana. Avy amin'ny natiora iray an'izao tontolo izao io fanahy io satria tsy nomena avy tamin'Andriamanitra izy, fa izy dia (nomena) navelan'Andriamanitra. Ankehitriny azonareo ve izany? Satria, ny ankizy rehetra izay teraka eto amin'izao tontolo izao, “dia teraka tao amin'ny fahotana, notorotoronina tao amin'ny heloka; tonga teto amin'izao tontolo izao miteny lainga.” Marina ve izany? Noho izany, io olona io, ao anatin'ny ao, dia mpanota iray, hatrany am-boalohany. Ankehitriny, fa . . .

¹²⁴ Ankehitriny, manana fidirana dimy izy. Ary ireo fidirana dimy ireo . . . Tsy fantatro na afaka miantso azy ireo tsara aho ankehitriny. Rehefa ny . . . Voalohany, fantatro, dia fisainana, fieritreretana, ary fitiavana, safidy . . . Tsia. Fieritreretana, fitiavana, fiheverana . . . Misy fidirana dimy amin'ilay fanahy. Tsy afaka misaina amin'ny vatanareo ianareo; tsy maintsy misaina amin'ny fanahinareo ianareo. Tsy afaka manana fieritreretana amin'ny vatanareo ianareo. Tsy manana fahafaha-manao ara-tsaina mihitsy izy; tsy afaka ny vatanareo, noho izany dia tsy maintsy misaina amin'ny fanahinareo ianareo. Tsy maintsy mihevitra ianareo. Tsy afaka mihevitra amin'ny tenanareo ara-batana ianareo, satria ny fiheverana tsy mahita, manandrana, mahatsapa, manimbolo, na mandre. Ny fiheverana dia izay azonareo atao ao amin'ny sainareo. Raha matory ianareo na lasa, ny vatanareo dia mandry maty eo, fa ny fanahinareo dia mbola afaka mihevitra. Misy dimy ireo taovam-panamboloana izay mifehy an'io olona anaty io. Ary izany . . .

¹²⁵ Ankehitriny, ho an'ilay olona farany, izay ny aina, dia taovam-panamboloana iray ihany no mifehy an'izany, ary izany dia malalaka . . . fahalalahan'ny safidy malalaka no hifidy na handà.

¹²⁶ Ary ankehitriny ny fiheverana izay ataon'ny olona amin'izao andro izao . . . Ankehitriny, aza adino ity ankehitriny, ary ianareo dia—ianareo dia hahita hoe inona ilay Masina . . . inona ilay porofo voalohany an'ny Fanahy Masina. Hitanareo?

¹²⁷ Ankehitriny, afaka miaina ao amin'io fanahy io ny olona, ary mandihy ao amin'ny fanahy izy ireo. Mikiakiaka ao amin'ny fanahy izy ireo. Mandeha any am-piangonana ao amin'ny fanahy izy ireo, ary afaka hanana tokoa an'ilay tena Fanahin'Andriamanitra voahosotra eo amin'io fanahy io, nefa mbola ho very foana ary itoeran'ny devoly arak'izay maha-izy azy, miaraka amin'io fanahy io.

¹²⁸ Satria, diniho, izany ilay antony tsy hahafahanareo hiteny an'io vehivavy io, nanao sorta izy, hoe ratsy izany. Tsy afaka hiteny aminy ianareo hoe ratsy ny manapaka ny volony. “Eny, inona no idiran'ny volonareo amin'izany?” Eny, nisy nidirany izany tamin'i Samsona. Hitanareo?

129 “Na iza na iza hanampy teny iray amin’Ity, na manaisotra Teny iray avy amin’Izany.” Tokony hanana fara-teny iray ianareo any ho any.

130 Ankehitriny, ohatra, raha izaho no—no—no—no lehilahy Batista iray, ka tonga ianareo ary niteny tamiko fa izaho dia tsy maintsy—izaho dia tsy maintsy hatao batisa amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy; ao amin’ny Baiboly izany. Eny, ny zavatra voalohany fantatrareo, dia hanao aho hoe, “Hanontany ny pasitera aho.”

131 Ary mandeha mankany amin’ny pasitera aho; hoy izy hoe, “Oh, zavatra efa tany aoriana tany izany, hitanao. Hia, hitanao, isika Batista, inty no inoantsika; isika dia mino fa tokony hasitrika isika amin’ny titra an’ny ‘Ray, Zanaka, Fanahy Masina.’ Izany no fomba nanaovan’ny fiangonana rehetra an’izany. Hatramin’ny nanorenan’i John Smith azy, dia izany no fomba nanaovana azy.” Eny, izany no fara-teninareo. “Aza miraharaha an’izay lazain’izany zalahy izany!”

132 Ahoana moa raha Metodista iray ianareo, ka ny famafazana no rafitrareo, ary nilazana ianareo fa tsy maintsy asitrika? Hitanareo ve izay tiako ho lazaina? Miverina any amin’ilay pasitera Metodista ianareo, ary hanoratra sy hanontany an’ilay eveka izy, raha i *ranona-sy-ranona* no niteny an’izao-sy-izao mikasika an’ity. “Fa isika, ny fiangonana Metodista, isika dia efa niorina telo na efajato taona lasa izay, tany Angletera, tamin’ny alàlan’i John Wesley, sy Whitefield, ary ny sisa amin’izy rehetra ireo, sy Asbury. Isika no nanorina an’ity taratasy ity, nanaraka an’i John Wesley, hoe tsy maintsy fafazana isika, satria ilay izy fotsiny dia fihetseham-po ivel-...endrika. Ary mihevitra isika fa ny famafazana no tsara mihitsy noho ny fomba hafa.” Ianareo raha tena izy iray. . . Raha ny fiangonana Metodista no fara-teninareo, dia izay no farany lavitra andehananareo.

133 Raha Katolika iray ianareo. . . Ary ho lazaiko anareo, tsy ao amin’ny Baiboly ny hoe tsy mihinan-kena ny Zoma, sy ireo zavatra rehetra tahaka an’izany, ary “ny Eokaristy Masina dia tsy hostia iray, satria Fanahy iray izany,” sy ny sisa. Ary mandeha mankany amin’ny pretranareo ianareo, hoy ilay pretra hoe, “Inty ilay izy, voasoratra eto amin’ny taratasintsika mihitsy.” Ary raha ny fiangonana no fara-teninareo, dia tsy hanisy anjombona iray amin’izay lazain’ny olona rehetra ianareo. Izany no fara-teninareo.

134 O Andriamanitra, ampio ity mba hilentika! Ho ahy, dia diso ilay zavatra manontolo. Ny Tenin’Andriamanitra no fara-teny. Na inona na inona lazain’ny Teny, amin’izay fotoana izay dia izany no marina.

135 Ankehitriny, ny fomba tokana eto amin’ity faritra ambony eto ity, mba hahafahanareo ho tena ao anatin’ity

olona anatiny kely ity; dia tsy maintsy ho voatendry mialoha ianareo. Satria efa niaraka tamin'Andriamanitra ianareo, ampahan'Andriamanitra ianareo.

¹³⁶ Efa tao amin'ny raiko aho. Efa tao amin'ny raibeko koa aho, ary ny raiben'ny raibeko. Tamin'ny alàlan'ny voa, dia efa tao amin'izany aho.

¹³⁷ Ary efa tao amin'i Kristy aho. Efa tao amin'i Kristy ianareo talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Tonga hanavotra ny Azy Manokana Izy, ny Azy Manokana izay efa tao Aminy. Haleloia! Ireo Zanany dia efa tao Aminy!

¹³⁸ Tsy tonga mihitsy Izy mba—mba hamonjy an'ireo zanaky ny devoly. Tsy hahafantatra an'izany mihitsy izy ireo. Ary tena kinga loatra izy ireo ao amin'ny fomban'ny fianarany ara-tsaina, ka tsy afaka hifampitaha aminy mihitsy ianareo. Tsy afaka hiteny farany azy ireo ianareo. Fa, amin'ny alàlan'ny finoana no ahitanareo an'izany.

¹³⁹ Ankehitriny, ny siansa dia tsy mila finoana mihitsy. Ny siansa no manaporofa an'izay resahan'izy ireo. Tsy mila finoana mihitsy izany.

¹⁴⁰ Hiteny aminareo ilay pretra Katolika hoe, “Jereo hoe efa oviana no nihofahofan'ny fiangonana Katolika. Jereo hoe efa oviana no nijoroany teo ambanin'ny fanenjehan'ny mpanompo sampy.”

Ny fiangonana Metodista dia hanao hoe, “Jereo eto hoe efa oviana . . .”

¹⁴¹ Efa nahita fiangonana iray aho . . . miresaka mikasika ny takelaka mpihatsaravelatsihy iray; nandeha teny an-dàlana omaly, hitako. Nanao hoe, “Ny fiangonan'i Kristy, niorina tamin'ny 33 A.D.” Tsy mbola zato taona akory anefa ilay izy, hitanareo, ilay anaram-piangonana. Oh, oadray! “Foto-pampianaran'ireo apostoly”? Saiky tsy manana na inona na inona. Sadoseo an'ilay andro izy ireo; tsy misy Fanahy, tsy misy . . . Ary tsy afaka miteny azy ireo ianareo; tsy afaka miresaka amin'izy ireo ianareo; tsy afaka mihevitra miaraka amin'izy ireo ianareo.

¹⁴² Satria, mandeha mihoatra ny fiheverana isika. “Aza miankina amin'ny fahalalanao manokana.” Tsy manao fiheverana mihitsy ny finoana. Mino an'izany ny finoana.

¹⁴³ Hoy izy ireo hoe, “Ankehitriny, jereo eto, mino ve ianareo fa tsy maintsy manao an'ireo zavatra tany aoriana tany ireo isika? Hadalana! Izany . . .”

¹⁴⁴ Fa ny Baiboly no niteny an'izany. Tsy afaka manazava aho hoe ahoana no itrangan'izany, saingy mitranga izany. Andriamanitra no niteny an'izany. Noho izany ianareo dia

tsy tokony... Tsy afaka milaza aminareo na inona na inona mikasika an'izany aho. Tsy manazava an'Izany ny finoana. Efa fantatrareo ve izany? Mino an'Izany fotsiny ny finoana.

¹⁴⁵ Jesosy no nilaza tamin'i Nikodemosy, avy tao amin'ilay Sin-... fiombonambe ekiomenika tamin'ny Androny; tonga teo Aminy tamin'ny alina, nanao hoe, "Mpampianatra, fantatray fa Ianao dia Mpampianatra avy tamin'Andriamanitra, satria tsy misy olona afaka nanao an'ireo zavatra izay Ataonao ireo, raha tsy Andriamanitra no momba azy."

¹⁴⁶ Hoy Izy hoe, "Marina tokoa, Lazaiko anao, 'Raha tsy ateraka indray ny olona, dia tsy afaka hahita ny Fanjakan'Andriamanitra akory aza izy.'"

¹⁴⁷ Hoy izy, "Izaho, lehilahy antitra iray ve, hiditra ao an-kibon'ny reniko, mba hateraka?"

¹⁴⁸ Hoy Izy hoe, "Ankehitriny ahoana no Hitenenako aminao an'ireo zavatra ny Lanitra, nefa ireo zavatra ny tany aza tsy inoanao akory?" Hitanareo?

¹⁴⁹ Avy eo dia hoy Izy, indray andro hoe, "Raha tsy mihinana ny nofon'ny Zanak'Olona ianareo, misotro Ny Ràny, dia tsy manana Fiainana ao anatinareo." Tsy nanazava an'izany Izy.

¹⁵⁰ Ireo apostoly sy ireo tamin'io andro io, izay voalahatra ho amin'ny Fiainana; Izy no nahafantatra an'izany. Hoy Izy, "Izy rehetra nomen'ny Ray Ahy no hanatona. Ny zavatra tokana hataonareo dia ny mampahafantatra Ny Feoko fotsiny; mahafantatra izy ireo, satria ny Ondriko mahalala Ny Feoko." Ary ny feo iray dia teny iray voaseho. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] "Mino an'Izany izy ireo, na ahoana na ahoana. Tsy mila manaporofy ara-tsiansa na inona na inona izy ireo, na hanontany Sadoseo iray na Fariseo, na zavatra hafa, mikasika an'izany. Izaho no nilaza an'izany, mino an'izany izy ireo, satria ny Ondriko mandre Ny Feoko."

¹⁵¹ Ary *Ity* no Feon'Andriamanitra amin'ny endrika soratra, satria *Ity* no fanambarana manontolo an'i Jesosy Kristy, ny Testamenta Taloha sy ny Vaovao mitambatra miaraka. Amena. Eo ianareo izao.

¹⁵² Nahoana? Hoy ianareo hoe, "Olona tsara izy ireo. Inona no manao azy ireo..." Satria, zavatra anankiray, ny andrim-pifatoran'izy ireo dia eo amin'ny fiangonana iray. Ary eto... Tsaroanareo ny tamin'ny Alahady lasa, herinandro lasa izay; firy no teto ka nandre an'ilay toriteny teo amin'*Ireo Voahosotra Amin'Ny Andro Farany?* Heveriko fa ianareo rehetra. Hitanareo, voahosotra izy ireo. Ny fanahin'izy ireo dia voahosotra, ao amin'*ity* faritra faharoa *ity*.

¹⁵³ Ankehitriny, milaza ilay vehivavy voalohany... Tsia, tsy hanisy anjombona amin'izay lazain'ny fiangonana izy, izay nolazain'ny olon-kafa. Ganagana fetsy iray izy. Manana ny

fampianaran'ny kolejy izy. Afaka manafina an'izany amin'ny vadiny izy, ary mihevitra fa fetsy amin'ny fanaovana an'izany izy.

¹⁵⁴ Io vehivavy hafa io dia “mitanjaka, jamba, nefa tsy fantany izany.” Oh, mahonena izany, saingy izany no sary lokoin'ny Baiboly ho antsika. Ankehitriny, mandeha any am-piangonana izy. Io vehivavy io, dia mety ho tsaratsara kokoa angamba, io vehivavy io dia mety ho... Miaina fiainana tsara, madio izy; tsy misy na inona na inona manohitra an'izany. Andriamanitra no ho Mpitsara an'izany. Tsy fantatro; tsy izaho no Mpitsara.

¹⁵⁵ Izaho fotsiny no...tompon'andraikitra amin'izay Asehony ahy. Izany no nolazain'ireo apostoly. “Izahay dia milaza an'izay fantatray, izay renay, izay hitanay.” Izay ihany no maha-tompon'andraikitra ahy. Izay ihany no maha-tompon'andraikitra anareo.

¹⁵⁶ Fa ankehitriny, hitanareo, raha haka an'io vehivavy iray io ihany ianareo... Taiza no niafarany? Hitanareo? Nihodina avy hatrany izy. Nandre izy, tsy isalasalana; nandefa ny radio, matetika. Niteny ny Feon'Andriamanitra, matetika. Eny, ankehitriny, hitanareo, miditra ao amin'io fombam-pivavahana eto io izy, antoko iray. Ny fiangonana rehetra dia antoko. Ny zavatra rehetra, marina tokoa izany, trano fotsiny izy ireny izay iangonan'ny olona miaraka amin'ny maha-mpikambana. Ary tonga eo izy; eny, mety aminy tsara mihitsy izany. Ankehitriny raha mandeha ianareo miteny aminy an'izay tokony hataony, dia tsy hihaino anareo izy. Asehonareo azy izany ao anatin'ny Baiboly; tsy hihaino an'izany izy.

¹⁵⁷ Ankehitriny, ry rahalahy malalako, ranabavy, fanazavana iray na roa amboniny fotsiny alohan'ny hamaranana. Latsaka fahefany izao, ora hanaperana; dimy ambin'ny folo minitra.

¹⁵⁸ Ankehitriny jereo, te-hanontany zavatra iray aminareo aho. Nahoana no tsy afaka mahita an'izany io vehivavy io? Nahoana izy no tsy afaka? Raha ny amin'ny fijangajangana ara-batana, teo amin'ny vadiny, dia tsy meloka izy; tsy manana na inona na inona hiaikena izy. Madio tahaka ny tamin'ny andro nahaterahany izy; tsy nisy lehilahy nikasika azy.

¹⁵⁹ Miresaka mirazotra aho ankehitriny, amin'ilay vehivavy, amin'ilay fiangonana. Madio tahaka ny nahaterahany izy. Eny, izay marina tokoa ilay fiangonana, rehefa teraka izy, saingy izy dia “teraka tamin'ny ota, notorotoronina tamin'ny heloka, tonga...” Hitanareo ve izay tiako ho lazaina?

¹⁶⁰ Ankehitriny dia teneno aminy fa ratsy ho azy ny manapaka ny volony; ny Baiboly no niteny an'izany. Ratsy ho azy ny manao an'ireny sorta ireny; ny Baiboly no niteny an'izany. Hilaza izy hoe, “Hadalana.” Nahoana? Ny fara-teniny dia tsy *eto*, ato amin'ity olona fahatelo ity, ilay aina izay voafidy

mialoha sy nirahina avy tamin'Andriamanitra. Fa ny fara-teny ho azy dia rafi-pandaminana iray *eto*, izay narafitry ny olona iray tany ivelan'Ity. Hitanareo?

¹⁶¹ Fa raha ao anatin'io aina io ny Tenin'Andriamanitra, dia milaza izany hoe, “Amena! Hitako izany.” Milahatra tsara amin'Izany izy. Ankehitriny jereo *eto*. Noho izany, ny olona izay nateraky ny Fanahin'Andriamanitra . . .

¹⁶² Hitanareo, *eto* ilay nofo ivelany. Ary miresaka amin'ny mpanatrika mifangaro aho, hiresaka toy ny—toy ny pasiteranareo, toy ny rahalahinareo. *Eto* ilay nofo, malemy izy, izy dia efa tena . . . Mandeha eny an-dàlambe ny ramatoa kely iray; lehilahy tanora iray ao amin'ny taonany tanora mihitsy, rehefa fito ambin'ny folo, valo ambin'ny folo, roapolo taona izy, dimy amby roapolo, telopolo, no mandalo eo . . . Ary tonga io ramatoa tanora io, miolanolana amin'ny endrika rehetra, ny vatany, mandeha miaraka amin'ny kiraro avo vositongotra; ny tenany mibontsina tanteraka ny aloha sy ny aoriana; ary ny akanjo dia tahaka an'*izao* ny hahavony eo ambonin'ny lohaliny, na manao sorta. Tsy fantatrareo ve fa ny Baiboly no nilaza fa hanao tahaka an'izany izy? Fantatrareo, ny Baiboly no nilaza fa izany no fomba hataony, toy ny ahoana no tena hampaloto azy.

¹⁶³ Efa namaky an'ity *eto* ity ve ianareo, ny *Reader's Digest* an'ity volana ity, hoe, “Ireo lehilahy sy vehivavy an'ity andro ity, ireo zazavavy kely, manomboka amin'ny roapolo na dimy amby roapolo taona, dia ao amin'ny fitsaha-jaza,” ka miditra eo amin'ilay fiovam-piainana ianareo eo amin'ilay taona antenatenan'ny fiainana, araka ny siansa, eo anelanelan'ny roapolo sy dimy amby roapolo taona. Teo amin'ny manodidina ny telopolo na dimy amby telopolo taona izany taloha, tamin'ny taonako. Tamin'ny taonan'ny reniko, ny vehivavy iray dia tsy tonga eo amin'ny fitsaha-jaza mihitsy raha tsy efapolo na dimy amby efapolo taona izy.

¹⁶⁴ Inona izany? Izany dia nohon'ny siansa, sy ny sakafo, ireo mifangaro, izay nanimba ny vatan'olombelona manontolo hany isika ka lasa andian'ny—ny—ny antontam-pahalovana iray. Eny, raha lò ilay tena ara-batana, tsy ho izany koa ve ny selan'ny ati-doha ao amin'io tena ara-batana io?

¹⁶⁵ Ankehitriny diniho ilay Fanahy, fa manaraka an'izany. Ho avy ny fotoana iray, amin'ny Anaran'ny Tompo, izay hahalasa ny olona ho marary saina tanteraka. Ny Baiboly no miteny an'izany. Hiantsoantso sy hihorakoraka izy ireo; zavatra mahatsiravina no ho ao amin'ny fieritreretany sainy. Ireo radio sy ny sisa, ireo fandaharan'ny televizionantsika, no mamokatra an'izany. Hisy karazan-javatra toy ny vitsika hipoitra *eto* an-tany, izay ho avo tahaka ny hazo efatra ambin'ny folo; hisy ny—ny—ny vorona iray hanidina manerana ny tany, miaraka amin'ny elatra efatra na dimy maily ny velarany; ary hahita azy ireo ny olona,

hiantsoantso sy hihorakoraka, ary hitaraina famindrampo. Saingy ho izany ireo Loza. Miandrasa mandra-pitoriko eo amin'ireo Loza izay misokatra ireo.

¹⁶⁶ Diniho izay nataon'i Mosesy teo ambanin'ilay tena ara-batana, fa tsy ilay Fanahy, rehefa hoy Izy hoe, "Mosesy..." Hoy Andriamanitra tamin'i Mosesy hoe, "Mandehana mankany," any amin'ny Mpaminaniny, "makà vovoka eran'ny tanaan'ila, atsipazo eny amin'ny rivotra izany ka manaova hoe, 'HOY NY TOMPO HOE, hisy parasy ho tonga eto an-tany.'" Tsy nisy parasy. Ny zavatra voalohany fantatrareo, nanomboka nahita zavatra nandadilady teo amin'ny kirihitra iray izy ireo. Nijery tany an-kafa, misy zavatra hafa iray. Ary afaka kelikely, tena lalina loatra izy ireo ka tsy afaka nandeha teo ambonin'izy ireo ianareo.

¹⁶⁷ Avy taiza izy ireo? Andriamanitra no Mpamorona. Afaka manao izay Tiany Izy. Masi-mandidy Izy. Izy dia afaka manao ny—ny vorona iray izay hamelatra—hamelatra ny elany avy amin'ny ilany iray an'ny tany ka hatrany amin'ilay hafa.

¹⁶⁸ Hoy izy hoe, "Aoka ho tonga eo ny lalitra, handrakotra ny tany rehetra." Tsy nisy lalitra iray teo amin'ilay tany. Ny zavatra voalohany fantatrareo, lalimanga antitra iray no nanomboka nanidina teo. Ny zavatra voalohany, nisy valo na folo, roa ambin'ny folo. Ny zavatra voalohany fantatrareo, tsy afaka nandeha teo ambonin'izy ireo ianareo. Andriamanitra, ilay Mpamorona, dia mihazona Ny Teniny.

¹⁶⁹ Ary nahinjiny ny tehiny, araka ny baikon'Andriamanitra, ary hoy izy, "Aoka hiakatra ireo sahona ka hanarona ny tany." Dia tonga ireo sahona hany ka nangoniny izy ireo, ireo antontany, ary hatraiza hatraiza ny hamaimbo, angamba efapolo na dimampolo dian-tongotra ny haavony, ireo sahona. Tany anatin'ny fitehirizan'akanjon'i—i Faraon izy ireo. Izy ireo dia tao anatin'ny... navadika ilay lambam-pandriana, ka nisy sahona dimanjato tao ambanin'ilay lambam-pandriana, tao ambanin'ny fandriana, tao anatin'ny sakafo. Hatraiza hatraiza izay nalehan'izy ireo, dia sahona, sahona, sahona. Avy taiza izy ireo? Andriamanitra, ilay Mpamorona, dia masi-mandidy. Izay Lazainy, dia Hataony!

¹⁷⁰ Ary nilaza Izy fa hisy fahitana mahatsiravina eto ambonin'ny tany. "Valala miaraka amin'ny volo tahaka ny vehivavy," volo lava, mba hampahory an'ireo vehivavy izay nanapaka ny volony. "Nify tahaka ny liona; fanindronana eo amin'ny rambony, tahaka ny maingoka; hampijaly an'ireo lehilahy, volana maro." Andraso fotsiny mandra-pahatongantsika eo amin'ny fanokafana an'ireo Loza sy Tombokase, ary ireo Kotrokorana Fito, dia diniho izay miseho. Oh, rahalahy, tsaratsara kokoa ho anareo ny mandeha any Gosena raha mbola misy ny fotoana handehanana any Gosena. Aza miraharaha an'ity ivelany ity.

171 Jereo eto. Indro ny ramatoa tanora iray mampioloanana ny tenany eny an-dàlambe; indro ny lehilahy tanora iray, ny masony no mahazo an'ilay izy. Mambra iray an'ny fiangonana izy. Pentekotista iray izy. Izy dia izay maha-izy azy. Fa ny zavatra voalohany fantatrarao, tsy nisy andry fihazonana *teto*. Hilaza izy hoe, "Akory." Manao volo miolakolaka izy, ary karazana lehilahy tanora tsara tarehy, mahitsy soroka; angamba niezaka ny hiaina mahitsy. Nanomboka nanatona azy izy, mpitory teny iray mihitsy aza. Ny zavatra voalohany fantatrarao . . .

172 Inona izany? Ity ivelany *eto* ity, ilay filàn'ny nofo; fa ilay fanahy *eto* ambany eto, izay voahosotra anefa, manao hoe, "Aza manao an'io, aza manao an'io." Fa inona no hataony? Hihodina avy hatrany izy, hifikitra eo, tratra eo. Ny zavatra voalohany fantatrarao, hiezaka hanao fotoana hiarahana aminy izy. Meloka amin'ny fanaovana fijangajangana izy, na mikasika azy na tsia.

173 Fa, ny zanak'Andriamanitra tena izy iray, nateraka indray! Amena! Tsy afaka manao an'izany irery ianareo. Tsy mety tanteraka mihitsy ho an'ny—ny lahy salama be iray ny mandalo eo anoloan'ny vavy iray tahaka an'izany, ka tsy hisy zavatra iray hiseho. Fa rehefa misy Zavatra iray ato amin'ilay anatiny; io Zavatra kely nateraka indray *eto* io!

174 Na dia mety efa niantsoantso aza io lehilahy io, niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra, nitsambikina, nandihy, ny zavatra hafa rehetra, voahosotry ny Fanahy; nanao an'ireo famantarana sy fahagagana rehetra izay nolazain'Andriamanitra ato, tamin'ny alàlan'Ny Fanahiny! Hoy Jesosy hoe, "Maro no hanatona Ahy amin'izany andro izany, hanao hoe, "Tompo, tsy efa naminany tamin'Ny Anaranao ve aho? Tsy efa nandroaka devoly tamin'Ny Anaranao ve aho? Tsy efa . . ." Hoy izy hoe, "Mialà Amiko, ianareo mpanao meloka." Inona ny heloka? Zavatra izay fantatrarao fa hatao, nefa tsy nataonareo izany. "Mialà Amiko, ianareo mpanao meloka; tsy nahafantatra anareo akory aza Aho."

175 Fa ao amin'ilay anatin'io lehilahy io, raha ao ilay andri-pamatorana kely, ilay Voan'Andriamanitra izay efa voafidy mialoha talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao; tsy ahoako izay miseho, fa izany no hihazona azy. Natao hijanona ao izany.

176 Izany no antony hanaovan'io vehivavy io an'ireo sorta ireo. Nisaina ho mpivarotena iray izy, mitovy amin'ilay vehivavy nanao an'ilay fihetsika. Hitanareo? Tsy fantany fa ilay fanahy . . . Ahoana no hahafantarany? Ny fara-teniny.

177 Inona ny fara-teny iray? Izany dia ilay teny farany. Ny fara-teny dia ny amena. Izany no faran'ny fanoharana rehetra, ny fara-teninareo.

¹⁷⁸ Ary raha ny fiangonanareo, fiangonana Pentekotista iray, no miteny aminareo fa, “Ny volo lava sy ny karazany dia fanatisma fotsiny. Manana kodiarana fanolo iray fotsiny ianareo, ilay aorian’ny lohanareo,” sy ny sisa, ireo karazan-javatra ireo, dia itoeran’ny devoly ilay lehilahy.

¹⁷⁹ Satria, hoy ny Tenin’Andriamanitra hoe, “Henatra ho an’ny vehivavy iray ny manapaka ny volony. Hahafa-boninahitra ny lohany izy.” Raha mahafa-boninahitra ny vadiny izy, nefa ny vadiny no Fiangonana, ary ny Fiangonana dia Kristy, dia mpivarotena ara-pivavahana mahafa-baraka izy; mitanjaka nefa tsy fantany izany. Mitanjaka! Tsy nilaza ve ny Baiboly hoe, “Ny volony no fisaronan’ny vehivavy”? Tsy ny volo ve no nomena azy ho fisaronana?

¹⁸⁰ Indray andro any, any amin’ny Hazo Fitsarana any! Niezaka nandrarakana an’ily Fanafody aho, ary nihazona an’izany tamin’ny tânako, nefa aloanareo avy hatrany eo anelanelan’ny rantsan-tànanareo Izany. Andriamanitra no hitsara azy ireo indray andro any. Izany no HOY NY TOMPO HOE. Tsy andiana fahadalana izany, na lahy antitra adala iray misendaotra. Tsy izany ilay izy. Satria, izany no Tenin’ny Tompo.

¹⁸¹ Ary ny tena Kristiana, tena izy dia hiady mafy miaraka amin’io olona anatin’ny io, io Fanahy izay efa nisy tany amin’ny voalohany tany io, izay ny Teny.

¹⁸² Satria Izy no fahafenoanareo rehetra, dia efa tao Aminy ianareo tany Kalvary tany. Efa Fantany mialoha fa ho eto ianareo. Mandahatra fotsiny an’izay hiseho Izy. Ary efa tao Aminy ianareo; maty niaraka Taminy ianareo. Maty ny amin’ny fireharehanareo ianareo, maty ny amin’ny lamaodinareo, maty ny amin’izao tontolo izao ianareo. Rehefa Izy...Maty niaraka Taminy teo Kalvary ianareo, ary nitsangana niaraka Taminy rehefa nitsangana indray Izy tamin’ny andro fahatelo. Ary satria nanaiky an’izany ianareo, dia mipetraka eo amin’ny fitoeran-Danitra ao amin’i Kristy Jesosy ankehitriny. Haleloia!

¹⁸³ Eo ianareo izao. Izany ilay olona anatin’ny. Ilay anatin’ny izay hanindry mafy ny Teny, hifikitra amin’ny Teny, na ahoana na ahoana. Tsy afaka manao na inona na inona amin’izany ianareo. Efa nianatra an’izany aho, taona maro lasa izay.

¹⁸⁴ Nandry teto ny zanako kely, teo am-pahafatesana. Nandry teto ny vadiko tao amin’ny...tao amin’ny—tao amin’ny tranom-paty, nosorana sy nampandriana. Niantso ahy izy ireo tany, ary teo am-pahafatesana i Sharon. Izany no fakam-panahy sarotra indrindra izay hany hitako teo amin’ny fiainako. Teo amin’ny dimy amby roapolo taona teo aho. Nandeha tany aho, ary nandry teo an-dàlam-pahafatesana i Billy Paul.

185 Tonga i Dokotera Sam, nanao hoe, “Bill, tsy mihevitra aho fa hahavonjy an’i Billy isika. Ary izaho. . .” Hoy izy hoe, “Tena marary izy.” Hoy izy, “Bill, tena malahelo anao aho.” Napetrany nanodidina ahy ny sandriny.

Hoy aho hoe, “Doko, tsy manana hery intsony aho.”

186 Afaka ora vitsivitsy, dia nantsoiko izy, ny zanako, Sharon, nentiko haingana tany izy, izy. . . mba hijery azy tao amin’ny fanintona; tsy nijanona ilay izy. Nasian’izy ireo fanajitra iray tao amin’ny hazon-damosina; notrohan’izy ireo izany, nentina hozahana, raboky ny meningite. Izay ihany.

187 Nitady ny làlako nankany amin’ny hopitaly aho; najanoko teo ilay fiarabeko, ary nivoaka ka nandeha nankao amin’ily efitra. Indro tonga tao amin’ily efitrano i Sam, niaraka tamin’ny satrony teny an-tànany, nitomany, nametraka ny sandriny nanodidina ahy, nanao hoe, “Ndao hiverina, ry Bill.”

Hoy aho hoe, “Inona ny olana?”

Hoy izy, “Tsy afaka mijery azy ianao.” Hoy izy, “Eo am-pahafatesana izy, ry Bill.”

Dia hoy aho hoe, “Tsia, ry Sam, tsy ny zanako.”

188 Hoy izy, “Eny.” Hoy izy, “Aza mangataka ho azy akory, ry Bill. Raha ho velona aza izy,” hoy izy, “dia ho ory.” Hoy izy, “Ho lasa malemy foana izy, ary ho ory mandritry ny fiainany rehetra.” Hoy izy, “Tratry ny meningite izy.” Hoy izy, “Aza manakaiky azy; ianao—ianao dia hamono an’i Billy mihitsy amin’ny fanaovana an’izany.”

Hoy aho hoe, “Sam, tsy maintsy mijery azy aho.”

189 Hoy izy, “Tsy mahazo manao an’izany ianao, ry Bill. Izaho—izaho no mandrara anao. Ankehitriny, fantatrao hoe toy ny ahoana no iheverako anao, ary ianao dia namako sy zava-drehetra,” hoy izy, “toy ny ahoana no iheverako anao,” hoy izy, “ary toy ny ahoana no inoako anao, ry Bill,” hoy izy hoe, “fa aza—aza mandeha any amin’io zaza io.” Hoy izy, “Raha manao an’izany ianao. . . Meningite no eo aminy.” Hitanareo? Hoy izy, “Ho lasa ao anatin’ny minitra vitsy izy, ary,” hoy izy, “ianao dia afaka. . . handevina azy isika.” Hoy izy, “Bill, tena malahelo anao mihitsy aho.”

190 Ary niantso izy, niteny, niantso mpampivelona iray, mba hanome ahy karazana fanafody iray. Hoy izy, “Tsy fantatro hoe ahoana no mbola hijoroan’ily lehilahy.”

191 Nitsangana kely teo aho. Nentiny ilay fanafody. Nipetraka aho, tao amin’ily efitrano. Hoy izy hoe, “Mipetraka.” Dia nentin’ily mpampivelona izany, hoy izy, “Sotroy ity, Ranadahy Branham.”

192 Hoy aho hoe, “Misaotra anao. Apetraho eo iray minitra fotsiny ilay izy.” Rehefa lasa tahaka an’izany izy, dia nararako tao amin’ny fandrora iray ilay izy; napetrako ilay vera.

¹⁹³ Nipetraka teo aho. Nieritreritra aho hoe, “O Andriamanitra, inona no nataoko? Andriamanitra tsara iray Ianao. Nahoana no Navelanao ho faty izy, indray andro, raha nihazona azy tamin’ny sandriny roa tahaka an’izao aho?” Niangavy Taminy ho azy. “Nahoana no Navelanao handeha izy? Misy an’i Billy mandry ao, eo am-pahafatesana; ary indro izy eto, eo am-pahafatesana. Inona no nataoko? Lazao ahy! Eny, tsara ho ahy mihitsy koa ny mandeha miaraka amin’izy ireo.”

¹⁹⁴ Nosokafako ny varavarana, ary tsy nisy mpampivelona tao. Nitsofoka moramora tao ambany rihana aho. Talohan’ny nahavitan’ily hopitaly izany. Ireo odi-moka, tsy nisy odi-moka teo amin’ireo varavankely, zara, ary lalitra no teo amin’ireo maso keliny. Nisy tapaka aro-moka iray, izany no iantsoantsika azy, makarakara napetraka teo amin’ny tarehiny. Noroahiko ireo lalitra; nandry teo izy. Ireo maso keliny, nijaly mafy loatra izy hany ka balana izy ireo.

¹⁹⁵ Tamin’izay fotoana izay dia tonga teo anilako teo i Satana, ka nanao hoe, “Nilaza ve ianao fa Andriamanitra tsara iray Izy?”

Hoy aho hoe, “Hia, nilaza an’izany aho.”

¹⁹⁶ “Nilaza ve ianao fa Mpanasitrana iray Izy? Eny, nahoana ny rainao no maty teo an-tsandrinao tany, nefa ianao niantso, mpanota iray izy, niantso ho an’ny ainy? Nahoana ny rahalahinao no maty teo an-tsandrin’ily rahalahy hafa, tany, nefa ianao nitsangana teo amin’ny polipitra nitory teny, herinandro lasa izay?” Hoy izy, “Nahoana Izy no tsy namaly anao? Ianao no nilaza fa tia anao Izy ary namonjy anao.”

¹⁹⁷ Tsy afaka niteny tamiko izy hoe tsy misy Andriamanitra, satria efa nahita Azy aho. Fa noteneniny tamiko fa tsy niahy ahy Izy.

¹⁹⁸ Hoy izy, “Ny vadinao mandry ao. Ireo zanakao dia ho ao tsy ho ela mihitsy. Ny dadanao nalevina. Ny rahalahinao nalevina. Ary ny vadinao dia halevina ankehitriny, rahampitso. Ary io ny zanakao hafa, eo am-pahafatesana. Andriamanitra tsara iray ve Izy? Hah? Mpanasitrana iray ve Izy?” Hoy izy, “Nanadala ny tenanao fotsiny ianao!”

¹⁹⁹ Inona no nataon’izany? Avy...niasa avy teo amin’ily ivelany izany, ankehitriny, eo amin’ity olona voalohany ity.

²⁰⁰ Hoy izy, “Jereo ankehitriny. Fantatrao, taona vitsy lasa izay fony ianao, teo amin’ny roa na telo taona lasa izay, talohan’ny nanekenao an’Ity, dia tena nankasitrahana teo anivon’ny olona ianao. Niaina fiainana iray tsara, madio ianao. Ny zazavavy rehetra teo amin’ny tanàna, izay te-hivoaka, dia nivoaka niaraka taminao, satria nahatsapa ho madio sy mendrika izy ireo.” Afaka nitsangana teo anatrehan’izy rehetra ireo aho. Tsy nanompa anankiray mihitsy aho, tsy niteny na inona na inona mihitsy. Vao nanao fetsifetsy mihitsy

aza izy, dia nentiko nody tany an-tranony. “Ary tiana teo anivon’ny olona ianao. Fa inona ianao ankehitriny? Mpivavaka fanatika iray.”

²⁰¹ “Marina izany. Izany aho.” Hitanareo ve ireo zavatra telo manomboka miara-mihetsika ireo? Ilay ivelany, mihevitra ao amin’ny fanahy, manetsika an’ireo zavatra ireo miaraka. “Marina izany, Satana.”

“Ary nilaza ve ianao fa Mpanasitrana iray Izy?”

“Eny. Hmm. Hia.”

²⁰² “Ary miangavy sy mitaraina ianao, nefa ny olona dia miteny aminao fa tsy izany ilay izy, fa diso lâlana ianao. Ny fiangonanao manokana dia nandroaka anao, noho Ity. Ny fiangonanao manokana Batista tany, dia nandroaka anao hivoaka ny varavarana, noho ilay antony iray ihany.”

“Hia.”

²⁰³ “Nalevina ny dadanao. Nalevina ny rahalahinao. Mandry aho ny vadinao, mba halevina. Io ny zanakao, eo amin’ny dimy ambin’ny folo minitra fotsiny sisa dia ho lasa izy. Dia Mpanasitrana iray ve Izy? Ny nofo sy rànao manokana; Teny anankiray avy Aminy fotsiny dia hahavonjy ny ain’ily zaza. ‘Mpanasitrana iray Izy,’ hoy ianao. Niezaka niteny taminao ny olona. Ilay mpitory teny dia niteny taminao fa mikorontana tanteraka ianao; marary saina tanteraka ianao; lasa mpivavaka fanatika iray ianao. Nefa nilaza ianao fa tia anao Izy. Mety ho tia anao ve Izy?

²⁰⁴ “Ary toy ny ahoana no nitarainanao ho an’ny dadanao! Ahoana fa, isan-kariva, dia nifady hanina ianao, ary rehefa ianao... amin’ny antoandro, rehefa nivavaka ianao, mba hihanika andry iray, hiasa. Ary nefa Izy namela azy ho faty teo an-tsandrinao, mpanota iray.

²⁰⁵ “Ahoana ny vadinao, vehivavy tsara iray toy ny inona izy, ary toy ny ahoana no nitiavanao azy!” Ny renin’i Billy; maro aminareo no mahatsiaro an’i Hope. “Zazavavy iray tsara toy ny inona izy! Sambatra toy ny ahoana ianao, ilay trano kelinareo tany; miaraka amin’ny fanaka mitentina fito na valo dolara, izany ny fanaka izay nanananareo, kanefa dia tia azy ianao; ary ianao... ary nifankatia ianareo. Ary ianao dia nandeha sy nivavaka ho an’ny hafa; ary, ny sasany tamin’ny fientanana ara-tsaina, dia nitsangana izy ireo ary nandeha ka nilaza fa nety tsara izy ireo. Fa ankehitriny ny vadinao manokana; ary io izy, maty, andro faharoa ankehitriny, mandry ao amin’ny trano fiasan’ny mpanao vatam-paty ao, Scott and Combs. Mpanasitrana iray ve Izy? Hah?

²⁰⁶ “Ary ny zanakao lahy kely dia eo an-dàlam-pahafatesana, Billy Paul, valo ambin’ny folo volana. Ary ny zanakao vavy kely, eo amin’ny valo volana, dia mandry eto, eo

am-pahafatesana, miaraka amin'ny meningite. Ary vao avy nivavaka ianao; nefa nisintona lamba iray nidina Andriamanitra, nanao hoe, 'Mangina!' Tsy mihaino, tsy hihaino anao, mihitsy! Nanodina ny Lamosiny taminao. Andriamanitra tsara iray ve Izy? Hah? Tia anao ve Izy? Ary ny zazavavy rehetra izay mba niarahanao, ny zazalahy rehetra izay mba nikambananao, ireo sakaizanao tsara indrindra, dia niala taminao satria mpivavaka fanatika iray ianao."

²⁰⁷ Ny zavatra rehetra izay noteneniny tamiko dia ny fahamarinana. Ny zavatra rehetra izay nolazainy, dia tena nifanitsy mihitsy, hitanareo, *eto*. Tena vonona mihitsy aho tamin'izay fotoana izay ny hanao hoe, "Noho izany aho, raha izany no fomba tsy maintsy hataony, amin'izay fotoana izay dia tsy hanompo Azy aho."

²⁰⁸ Ary vao nilaza an'izany aho, dia nisy Zavatra iray avy tany ho any, tao anatiny ambany tao. Hoy Izy, "Iza moa ianao, eo am-panombohana? Ny Tompo no nanome, ary ny Tompo no nanaisotra." Hitanareo, izany ilay olona anatiny, tsy mihevitra mihitsy.

²⁰⁹ Nijery tany aoriana aho, ka nieritreritra hoe, "Ahoana no nahatongavako teto an-tany? Tonga avy amin'ny andiana mamona lava aho. Ahoana no nahatongavako teto? Iza no nanome aina ahy? Iza no nanome ahy an'io vady io? Iza no nanome ahy an'io zaza io? Avy taiza ny vadiko? Avy taiza ny aiko?" Hoy aho hoe, "Na dia Vonoiny aza aho, dia mbola hahatoky Azy aho."

Hoy aho hoe, "Mialà amiko, ry Satana!"

²¹⁰ Nametraka ny tànako teo amin'ilay zaza aho. Hoy aho hoe, "Sharon, malala, hapetrako eo amin'ny sandrin'ny reninao ianao afaka minitra vitsy, rehefa ho avy hitondra anao ireo Anjelin'Andriamanitra, fa indray andro any dia hahita anao indray i dada. Tsy fantatro hoe hanao ahoana izany, malala. Tsy afaka miteny aminao aho; rehefa mampitodika ny Lamosiny amiko Izy, tsy handre ahy ho anao akory aza."

²¹¹ Namela ny vadiko ho faty Izy, ary izaho nihazona azy tamin'ny tànana, nitomany ho azy. Ary ny dadako, teo amin'ny sandriny, dia maty teto amin'ity sandry *eto* ity mihitsy; nijery ahy, niezaka ny hahazo ny fofon'ainy. Ary nivavaka mafy arak'izay vitako aho. Ahoana no hahafahako hanatrika ny besinimaro indray, hitory ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra? Ahoana no hahafahako hitory fa Andriamanitra tsara iray Izy, nefa namela ny dadako manokana ho faty, mpanota iray? Ahoana no hahafahako hitory an'izany? Tsy fantatro hoe ahoana, saingy fantatro fa marina Izy.

²¹² Tsy hety diso mihitsy ny Tenin'Andriamanitra. Handresy Izy, tsy mampaninona na inona izany na inona. Tamin'izay fotoana izay dia fantatro fa nisy Zavatra lalina nohon'ny fiheverena rehetra, Zavatra lalina nohon'ny fientanam-po rehetra, ny

zavatra hafa rehetra tahaka an'izany. Nisy Olona anatin'ny iray izay nihazona tamin'io ora io. Tsy misy zavatra hafa afaka nanao an'izany; ny fiheverana rehetra, ny zavatra rehetra dia afaka naseho, ny zavatra rehetra dia afaka nanaporofa fa diso Izany, ary tao amin'ny fahadisoana aho. Fa ny Tenin'Andriamanitra, izay voafidy mialoha talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, no nihazona teo amin'ilay anatin'ny.

²¹³ Nahatsapa Rivotra kely iray aho tonga nanerana an'ilay tranobe. Lasa nihaona tamin'Andriamanitra ny fanahiny.

²¹⁴ Rahalahy, ranabavy, mamelà ahy hiteny aminareo, Izany ihany ilay zavatra tokana. Aza miezaka ny hihevitra an'Izany. Aza miezaka ny hanana volo lava satria hoe izaho no niteny an'izany. Aza miezaka manao an'ireo zavatra ireo fotsiny, satria, ao amin'ny nofonareo. Aza miezaka manao an'izany, ho karazana fiezahana mafy fotsiny. Fa miandrasa fotsiny eo anatrehan'ny Tompo, mandra-pisian'ny Zavatra iray ao amin'ilay anatin'ny ambany ao!

²¹⁵ Maro aminareo no mihevitra hoe, satria manana volo lava ianareo, dia midika izany fa handeha ho any An-danitra. Tsy izany no dikan'io. Maro amin'izy ireo no mihevitra hoe, satria vehivavy tsara, mendrika ianareo, dia handeha ianareo ho . . . ? . . . Tsy izany no dikan'io. Maro amin'izy ireo no mihevitra hoe, satria ny fiangonan'izy ireo, ary mikambana amin'ity, sy ity vondrona lehibe ity, ary ireo mpampianatra malaza ny amin'Andriamanitra. Tsy izany no dikan'io. Hitanareo?

²¹⁶ Maro no mihevitra hoe, satria miteny amin'ny fiteny tsy fantatra izy ireo, dia manana ny Fanahy Masina. Tsy midika an'izany io. Na dia, miteny amin'ny fiteny tsy fantatra aza ny Fanahy Masina. Fa raha tsy ilay tena Fanahy Masina, tena izy ao anaty ao no hiezaka mafy miaraka amin'ny Teny rehetra! Raha io Fanahy Masina ao anatinareo io, izay manao anareo hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra, no mijery ao ka tsy manaiky ny sisa amin'ilay Teny, amin'izay fotoana izay dia fanahy tsy izy izany. Hitanareo?

²¹⁷ Tsy maintsy avy ao amin'ilay anatin'ny izany, izay ny Teny, tany amin'ny voalohany. "Tamin'ny voalohan'ny famoronan'Andriamanitra," rehefa nanomboka namorona Andriamanitra, nitondra anareo teo amin'ny fisiana, hitanareo. Nanomboka tany ianareo amin'ny maha-voa iray, ary nidina teo amin'izay misy anareo ankehitriny. Ary, tamin'izay fotoana izay, dia tao amin'i Kristy ianareo rehetra. Ary avy eo rehefa maty Kristy, dia maty hanavotra anareo rehetra Izy. Ary ampahan'ity Teny ity ianareo, ary ahoana no . . . ny Baiboly, ny rehetra amin'Izany! "Fitsipika miampy fitsipika, andalana miampy andalana; kely eto, kely etsy." "Tsy hisy tendron-tsoratra iray na tsipi-teny iray ho diso." Ahoana mihitsy moa no ahafahanareo, izay ampahan'ity Teny ity, tsy hanaiky ny sisa amin'Izany, na ampahany iray amin'Izany?

218 Andriamanitra hitahy anareo. Nihotra ny ora aho ankehitriny. Tsy fanahy iniako ny nanao an'izao, nihazona anareo ela tahaka an'izao. Miala tsiny fa nihazona anareo aho; tsy miala tsiny ho an'izay nolazaiko.

Eo amin'ny faran'ny zavatra anankiray isika, ry sakaiza.

219 Ianareo rehetra eto, heveriko, dia mpikamban'ny fiangonana eto mihitsy. Tsy tonga eto aho, matetika, ka hahita hoe mambra iza no eto. Heveriko fa ianareo rehetra dia mpanketo tsy ankitsahatra. Mamelà ahy hiteny aminareo zavatra iray izay nitranga. Hanome ve ianareo, atao hoe, enina minitra ambony? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

220 Ny Rev. Atoa. O. Walker avy any Oregon ve io eto io, izay teto tamin'ilay—ilay Alahady naha-teto ahy? Misy olona mahafantatra ny amin'izany ve? Tena zavatra lehibe, hafahafa.

221 Rehefa tonga teto aho, dia nisy olona maro be, izaho—izaho dia nanana. . . Nanana fihaonana antontany iray aho, ary ny tsirairay avy tamin'izy ireo dia marina; ny zanakalahin'izy ireo, ireo ankizy, manambady, mambo lava, sy—sy zavatra samihafa, ary zavatra izay marina mihitsy. Ny tsirairay avy tamin'izy ireo dia tsy maintsy nojerena. Tsy afaka mahavita azy rehetra aho. Ary ametraka anareo amin'Andriamanitra aho, ka mametraka ny tânako eo amin'izy ireo, ao amin'ny vavaka. Hoy aho hoe, "O Andriamanitra, izaho—izaho dia tsy afaka nahavita an'ilay izy. Kasiho izy ireo, Tompo, ataovy. . . Ianao no mahafantatra hoe ahoana no hanaovana azy. Mivavaka ho an'ny tsirairay avy aho."

222 Niantso ahy i Billy. Ary vao avy niditra niaraka tamin-dRahalahy Banks aho. Hoy izy hoe, "Dada, raha ianao. . ."

223 Ary, jereo, mahita ny olona mandalo amin'ny fiara eo aho indraindray, eo amin'ilay lalan-kely, mijery. Ary mijery azy ireo aho, ary avy eo dia manofahofa azy ireo tahaka an'izao, nefa izy ireo—izy ireo dia saiky manodina ny lohany. Tsy tiako hanao an'izany ianareo.

224 Indray andro rehefa nividy an'ilay toerana tany Tucson izy ireo mba hipetrahako, nanana toerana iray tany i Rahalahy Tony izay tiany ho vidiana ho ahy, teo amin'ny avo telo na efatra heny amin'ity toerana ity ny vidiny. Tiany mihitsy aza ny hanome dolara an'arivony maro teo amin'izany, ny tenany. Saingy ny fomba tokana hidiranareo ao, dia nisy mpiandry iray nitsangana teo. Goavana be iray. . . Eny, trano fanampiny iray izany teo. Fa ny. . . Ireo olona izay mipetraka ao ireo, tsy maintsy manana alàlana voasoratra ianareo, avy eo vao miantso anareo io mpiandry io ary mijery raha mety tsara ho azy ireo ny miditra.

225 Hoy aho hoe, "Azonao eritretina ve, izaho, ireo rahalahiko sy anabaviko izay tonga hijery ahy,

izay te-handray ny tånako sy hangataka an'ireo fitahian'Andriamanitra ho ahy, azonao eritreretina ve ny hampiditra ahy irery ao, ry Tony?"

Hoy izy, "Eny, ianao dia . . ."

²²⁶ Hoy aho hoe, "Tony, ny antony hihazonan'ny fiangonana sy izy rehetra ireo ny olona tsy hanakaiky ahy," hoy aho, "dia noho ireo olona izay miteny ny zavatra rehetra tiany hataoko."

²²⁷ Izy ireo, hoy izy ireo hoe, "Eny, ny Tompo no niteny tamiko. Haleloia! Hijanona eto mihitsy aho. Voninahitra ho an'Andriamanitra! Ny Tompo no niteny tamiko fa tsy maintsy manao fivoriana iray eto amin'ny vondronay eto ianao. Eny, tompoko, voninahitra ho an'Andriamanitra! Ilay Andriamanitra no niteny an'izany tamiko. Raha tsy manao an'izany ianao, Rahalahy Branham, dia azo antoka fa miverin-dàlana ianao." Izaho eo miezaka ny hianatra, hitanareo. Izany ilay izy, hitanareo. Ary olona tsara maro no voasakana, tsy hiditra, noho izany.

²²⁸ Tahaka ny lehilahy iray handeha hihaza fotsiny eo amin'ny toeram-piompiana iray eto. Hoy ilay mpiompy hoe, "Midira. Afaka mihaza ianao." Dia miditra ao ianareo ary nitifitra ny iray tamin'ireo ombivaviny; nisy bitro iray nandeha teo ambanin'ilay ombivavy, ary nitifitra an'ilay bitro fotsiny, na ahoana na ahoana. Miakatra eo amin'ilay fefy ianareo, raha tokony handeha teo amin'ilay andry ka mihanika araka ny tokony hataon'ny lehilahy mendrika iray; mihanika eo amin'ilay fefy ka manimba azy tahaka an'izany. Hitanareo? Ary amin'izay fotoana izay dia hilaza izy hoe, "Hambenako ilay toerana!" Izaho tsy—izaho tsy manome tsiny azy na kely aza, na kely aza. Eny, inona no ataony? Manakana an'ilay mpihaza mendrika tsy hiditra izy. Tahaka an'izany foana ilay izy. Ny ratsy no manakana ny tsara tsy hahazo ny voalohany. Izany foana ilay izy.

²²⁹ Ankehitriny, nefa ireo olona ireo dia, an'arivony no tena manana ilaina ary olona tsara, olona manam-pitiavana, feno ny fahasoavan'Andriamanitra.

²³⁰ Ankehitriny isika dia manana an'izany, ahoana no ahatangavan'ireo olona ireo tahaka an'izany. Isika tsy, isika tsy mila an'izany, tsia.

Fa ity lehilahy ity dia tonga . . .

²³¹ Hoy i Billy hoe, "Midina ankehitriny, haingana mihitsy, ry dada." Hoy izy, "Ao Rtoa. Waldorf miaraka amin'ny olona eo am-pahafatesana; tsy maintsy mijery azy ireo avy hatrany mihitsy ianao." Dia nandeha aho; tonga teto.

²³² Ary rehefa tonga aho, dia hoy izy ireo hoe, "Tsy misy olona afa-tsy lehilahy iray eto matory mihorirana etsy amin'ny sisiny, iry, eo ambonin'ny ondana iray isan'andro, eo amin'ny sisin'ny tranobe." Hoy izy, "Tiany hivavaka ho azy ianao."

Hoy aho hoe, “Eny àry.” Hoy aho, “Hampiditra azy aho.” Tonga aho.

²³³ Nisy, heveriko, Cadillac iray nipetraka tao aoriana tao, na karazana fiara goavana iray. Niditra aho, nisy. . . Ary hoy io lehilahy io hoe, “Manao ahoana ianao.” Tsy nahafantatra ahy izy.

²³⁴ Dia niditra aho. Ary Ranabavy Waldorf, zavatra antitra mampalahelo, no niditra. Fantatrareo, izy dia. . .

²³⁵ Fantatrareo ny momba azy, sa tsy izany? Hitanareo, tratry ny homamiadana izy; maty tao anatin’ny laharam-bavaka, teo amin’ny adiny iray talohan’ny nahatongavako teo aminy. Tonga ny dokoterany, nampiseho. . . Teo amin’ny valo ambin’ny folo taona lasa teo izany, homamiadana tao amin’ny fo, hitanareo, ary velona izy androany. Ary mipetraka any Arkansas izy ankehitriny.

²³⁶ Fa tany Phoenix izy, tamin’izay fotoana izay. Dia hoy izy hoe, “Ranadahy Willie, halako ny ho tonga tahaka an’izao, saingy,” hoy izy, “tsy nanana toerana hijanonana aho. Izy ireo dia. . . Izy ireo no nilaza fa io ra-. . . io vehivavy io dia ho faty. Oh, Ranadahy Willie!”

²³⁷ Hoy izy, “Te-hitondra rakitra kely ho anao aho teto an-tànako, Ranadahy Willie,” hoy izy, “saingy tsy afaka nanao an’ilay izy aho. Fa nanao voaroy mandry am-bifotsy.”

²³⁸ Oh, rehefa nandeha teo aho ka nahita an’ireo vera kely nisy zava-mandry izay napetrany teo, izaho. . . toa masina loatra ilay izy ho ahy raha hohanina. Hitanareo? Io vehivavy antitra malala io, teo amin’ny fitopolo taona teo. Hoy aho hoe, “Ranabavy Hattie. . .” Izaho—izaho tsy afaka nilaza hoe tsia. Tsia. Jesosy dia nahita an’ilay mpitondra tena nandatsaka an’ireo iraimbilanja telo, ary Izy—Izy—Izy namela azy hipetraka tsara. Hitanareo? Tsia. Andriamanitra no hamaly soa azy ho an’izany. Hia.

²³⁹ Ary noho izany dia nanasitrana an’ilay vehivavy ny Tompo, nanasitrana an’izay rehetra nananany, nanambara tamin’ny pasiterany izay izy, izy, nananany tao an-tsainy, izay tokony nataony, zavatra hafa iray. Ary, oh, nivoaka izy rehetra, niantsoantso.

²⁴⁰ Tamin’izay fotoana izay dia niditra i Billy. Hoy izy hoe, “Dada, lasa ilay lehilahy. Izaho tsy afaka. . .”

Hoy aho hoe, “Iza io ao anaty fiara ery io?”

²⁴¹ “Oh,” hoy izy, “zalahy iray avy any Oregon any, izay nilaza fa nahazo karazana nofy iray izy. Dia niteny taminy aho hoe, ‘Tsy te-hanome anao fanantenana sandoka aho. Misy telonjato eto, miandry ankehitriny.’” Dia hoy izy, “Ary niteny taminy aho hoe, ‘Soraty fotsiny ilay nofy.’ Hoy aho, ‘Manana antontany iray amin’izy ireo aho eto, tahaka an’izao ny hahavony, na ahoana na ahoana, ary hampiako an’ity fotsiny izany.’”

Hoy aho hoe, “Ampidiro izy. Omeo dimy minitra izy.”

²⁴² Eny, vantany vao niditra ilay lehilahy, dimy minitra? Hoy izy hoe, “Izaho no Rev. Walker,” heveriko fa izany no anarany, “avy any Oregon.” Heveriko fa anaram-piangonana hafa iray izy, tsy fantatro, Presbyterana, zavatra iray Presbyterana.

²⁴³ Hoy izy hoe, “Efa nihaona taminao aho teo amin’ny roapolo taona lasa teo izay. Nandeha tany Grants Pass aho izay nisy anao...” Tsy Grants Pass, fa adinoko ny anaran’ily toerana. “Tany,” hoy izy, “ny tanàna manontolo, ireo matoan-dahatsoratra teo amin’ny gazety isa-maraina.” Hoy izy, “Ny olona rehetra dia nahafantatra ny mikasika an’izany.” Hoy izy, “Tsy afaka niditra tao amin’ily tranobe izay nisy anao akory aza aho, fa nahita anao niakatra. Ary indray andro, teny an-dàlambe, dia nandeha aho,” hoy izy, “lehilahy efatra na dimy no nanodidina anao, ary nandray ny tãnanao aho. Fa ianao... Niteny taminao aho fa izaho no Rahalahy Walker, ary ianao niteny tamiko hoe iza ianao.” Hoy izy, “Nifanakalo teny vitsivitsy isika, ary avy eo dia lehilahy goavana telo na efatra izay niaraka taminao no nampandroso anao.” Hoy izy hoe, “Tsy mpitsikera anao aho, ary tsy momba anao.” Hoy izy hoe, “Tsy nahazo fotsiny aho.”

²⁴⁴ Hoy izy hoe, “Nanohy tahaka izany aho nandritry ny taona vitsy, ary afaka kelikely,” hoy izy, “izaho...lehilahy iray no niteny tamiko mba ho tonga hihaino horonam-peo sasantsasany, teo amin’ny telo taona lasa izay.” Dia hoy izy, “Nandefa an’ireo horonam-peo ilay lehilahy. Ary, rehefa nandefa izy,” hoy izy hoe, “efa nandre azy niresaka aho.” Dia hoy izy, “Nino io lehilahy io fa ianao dia—dia mpaminany iray. Nilaza aho, niteny tamin’ily lehilahy aho hoe, ‘Tsy mahafantatra mikasika an’izany zavatra izany aho; mety ho izany angamba, raha ny fantatro.’”

²⁴⁵ Noho izany, hoy izy, “Avy eo dia nisy lehilahy hafa iray nifindra nankao an-tanànanay, nanao fivoriana iray, ary nihaona taminy aho. Fa hoy izy hoe, ‘Izaho no mpaminanin’Andriamanitra ho an’ity andro ity.’”

²⁴⁶ Hoy izy hoe, “‘Firy aminareo zalahy ireo no eto, na ahoana na ahoana?’ Hoy izy, ‘Izaho—izaho—izaho dia mandre fa misy lehilahy iray eto izay mihaino horonam-peo, nanao hoe, ‘William Branham, any atsinanana any, no mpaminanin’izao andro izao,’ sy ny sisa tahaka an’izany.’”

²⁴⁷ Hoy izy hoe, “Io lehilahy io...” Tsy hiantso ny anarany aho, satria tsy dia tsara loatra izany, eto, hitanareo. “Dia hoy izy hoe, ‘Fantatro William Branham,’ hoy izy, ‘saingy sandoka tanteraka ny Foto-pampianarany.’ Hoy izy, ‘Tsy Pentekotista izy; tsy mino ny porofo voalohany izy.’ Dia hoy izy, ‘Zavatra hafa anankiray, milaza izy fa misy ny

mpaminany lehibe sy madinika. Tsy misy ny zavatra tahaka an'izany.' Hoy izy, 'Na mpaminany iray ianareo na tsy mpaminany iray, dia izay ihany.'"

248 Hoy izy hoe, "Eny, andriamatoa, izaho no...tsy hifamaly aminao mikasika an'izany aho. Nilaza fotsiny aho fa nandre an'io lehilahy nilaza fa io lehilahy io, William Branham...ary dia izany lehilahy izany no nilaza fa mpaminany iray izy.'" Hoy izy, "Manontany tena fotsiny aho hoe firy no efa nisy"

249 "Hoy izy hoe, 'Fa izao no tiako ho fantatrareo. Izaho no mpaminanin'ity taona ity.'"

250 Hoy izy hoe, "Eny, ianao no izy?" Hoy izy, "Hitahy anao ny Tompo ary homba anao."

251 Nanohy izy, tsy niraharaha an'izany mihitsy. Ary nilaza fa hanomboka izy, teo anivon'ireo rahalahiny, fivoriana telo na efatra nitohy. Ary nandeha nankany amin'ny paositra izy, nanao hoe, "Aza—aza ovaina ny taratasiko. Avelao eto izany mandra-piveriko, eo amin'ny efatra na dimy andro aty aoriana."

252 "Eny àry," hoy izy ireo. Nametraka tapakila iray izy ireo tany, tsy hanova an'ilay izy.

Nandeha izy ary nijery ny zananivavy.

253 Ary teny an-dàlana, izy—izy dia nijanona teo amin'ny fiangonana iray. Ary nanao an'ilay fivoriana hariva izy. Ny ampitso maraina, dia nilaza izy fa sendra nieritreritra hoe, "Mandehana mankany amin'ny fizarana taratasy." Rehefa nandeha izy, dia nisy taratasy anankiray nalefan'ny paositra ary tonga tamin'ny zananivavy; ny zananivavy no nandefa azy tany, tao amin'ny fizarana taratasy.

254 Ary nosokafany ilay izy. Ary nolazainy fa lehilahy iray ilay izy, Atoa. Hildebrandt, izay sakaizako, dia ilay lehilahy izay nandefa an'ireo horonam-peo. Nilaza izy fa Atoa Hildebrandt dia naharay teny avy tamin'i Roy Borders (ary izany no iray amin'ireo mpikarakara, fantatrareo), fa hanao fivoriana iray aho eto, manomboka ny valo amby roapolo ka hatramin'ny voalohany, hiverenany sy hahitany amin'ny alàlan'ny tenany.

255 Hoy izy hoe, "Ankehitriny, jereo eto, miezaka ny hisintona ahy ao amin'ny zavatra tahaka an'izany ireo zalahy ireo!" Hitanareo? Dia natsipiny tao anatin'ny fitoeram-pako fotsiny ilay taratasy, ary lasa, hitanareo, tahaka an'izany. Lasa izy ary nanao an'ilay fivoriana tamin'io hariva io. Ary ny ampitso maraina... .

256 Tamin'izay fotoana izay dia nanomboka nitazona ny fony izy, nitomany, tao amin'ny efitra mihitsy.

257 Hoy izy hoe, “Atoa. Branham, fantatro fa tsy maintsy hijoro eo anatrehan’Andriamanitra aho.” Hoy izy hoe, “Tsy fantatro na natory aho na inona no nitranga.” Hoy izy hoe, “Nanonofy aho. Hataoko hoe natory aho ary nanonofy.”

258 Hoy izy, “Noheveriko fa ny zanakalahiko, tany an-tsena, dia nanatsofoka ny tånany tao amin’ny—ny harona iray.” Ary hoy izy, “Rehefa nanatsofoka izy, dia harona iray nisy paoma izany, ary raraka daholo izy ireo.” Hoy izy, “Rehefa nandeha handraoka azy ireo aho, dia paoma maintso daholo izy ireo nanesorana kaikitra iray teo aminy.” Hoy izy, “Noraofiko izy ireo, naveriko tao anatin’ily harona.” Hoy izy, “Ny sasany tamin’izy ireo dia nikodiadia, ary nikodiadia nilatsaka, noho izany niezaka nitady azy ireo aho, ary tao ambanin’ny . . . teo amin’ny bozaka.” Ary hoy izy, “Nikodiadia teo ambanin’ny iray tamin’ireo fefy mihidy amin’ny rojo izy ireo. Ary nisy làla-malalaka tena goavana be iray nandalo teo. Nijery niatsinanana aho, ary,” hoy izy hoe, “ilay—ilay—ilay rojo dia nifaraingo tamin’ny—ny vato goavana iray tany atsinanana. Ka nandeha teo aho, ary nieritreritra fa hamaha an’io rojo io, avy eo dia handeha ka haka an’ireo paoma ho an’ily lehilahy.” Hoy izy, “Nanomboka namaha an’ily rojo aho.”

259 Hoy izy, “Nisy feo iray nanozongozona ny tany manontolo.” Hoy izy, “Nihozongozona ny tany, avy tao ambanin’ny tongotro.” Dia hoy izy, “Rehefa avy nijanona tsy nihozongozona izy, dia nandre feo iray aho.” Dia hoy izy, “Rahalaky Branham, ny feonao ilay izy,” hoy izy, “fantatro; nisy zavatra nilaza an’izany.” Hoy izy—hoy izy, “Izao no nolazainy, ‘Mbola hitety an’ity làlan-kely ity indray mandeha aho!’”

260 Dia hoy izy, “Nanomboka nijery an’ily vato aho, tahaka an’izao, ary nijery lavitra, tany ambonin’ireo rahona. Ary tany ambony tany, nitsangana teo ambonin’ny vato iray aho izay nivelatra avy tany atsinanana ka hatrany andrefana, maranitra tahaka an’izao, tahaka ny pyramida iray, ary niverina teto atsinanana teto, ary,” hoy izy, “teo ianao nitsangana teo, teo ambonin’ny soavaly iray ary tsy nahita zavatra tahaka azy mihitsy aho teo amin’ny fiainako; soavaly fotsy lehibe, volo fotsy mitsontsorika.” Dia hoy izy, “Niakanjo tahaka ny lehiben’ny Indiana iray ianao, niaraka tamin’ireo zavatra rehetra fitondran’ny Indiana.” Hoy izy, “Nanana fiarovan-tratra iray izy; ireo haba teo amin’ny sandry, ary ireo mihantona manodidina rehetra tahaka an’izany.” Hoy izy, “Nanangana ny tånanao tahaka an’izao ianao.” Dia hoy izy, “Nitsangana teo tahaka ny soavalin’ny miaramila iray io soavaly io, niaraka tamin’ny fitsambikimbikinana tahaka an’izao, namindra,” izaho nipetraka tsara. Ary hoy izy, “Nisintona an’ireo tadin-tsoavaly ianao, nandeha nandroso nankany andrefana.”

²⁶¹ Hoy izy, “Nijery tany aho, ary nisy an’ireo andiana siantifika manontolo teo.” Ary ny ampitso maraina... Ny Sabotsy izany. Ny ampitso marainan’io, dia nitory teo amin’ireo siantifika aho, fantatrarao, hoe avy amin’ny devoly. Dia hoy izy, “Ireo siantifika any dia nandrarakana zavatra ao anatin’ireo fantsona, ka manafangaro an’izany.” Hoy izy, “Nampijanona an’ilay soavaly ianao, nanangana ny tànanao indray ary niantsoantso hoe, ‘Mbola hitety an’ity lalana-kely ity indray mandeha aho!’” Dia hoy izy, “Nihozongozona ny tany manontolo. Nihozongozona ireo olona,” hoy izy, “niandrandra sy nifampijery, tahaka an’izao, ary niandrandra nankany aminao. Nanainga ny sorony fotsiny izy ireo, nanohy niaraka tamin’ireo fikarohana siantifikany.” Ary hoy izy, “Nanomboka mandeha nankany andrefana ianao.

²⁶² “Ary rehefa izany,” hoy izy, “dia nahita an’io lehilahy izay niantso ny tenany ho mpaminany iray io aho, fantatrao,” hoy izy, “tonga teo ambonin’ny soavaly iray izy nifangaroan’ny fotsy sy mainty niaraka.” Ary hoy izy, “Nandeha tao ambadik’io soavaly fotsy goavana lehibe io izy.” Hoy izy, “Izany dia,” hoy izy, “tany ambonin’ny rahona tany, ary tsy mihoatra an’izao ny velaran’ilay lalana.” Dia hoy izy, “Nandihy fotsiny io soavaly io, mba hitsofan’ny rivotra an’ireo volony sy ny sisa teo—teo amin’ny fitafianao,” ary hoy izy, “avy eo nibontsina ny volo sy ny rambon’ilay soavaly. Mpampianatra lehibe, soavaly fotsy goavana, no nandeha nahitsy avy hatrany.” Ary hoy izy—ary hoy izy, “Io zalaha io dia tonga taorianao, avy tany Canada,” ary mipetraka any Canada ilay lehilahy. Dia hoy izy hoe, “Tonga izy, ary,” hoy izy, “nitondra an’io soavaly keliny io izy, niezaka ny handavo ny soavalinao goavana; nanodina azy; hanao ny tehezany hidona amin’ny...” Hoy izy, “Tsy nampihetsika an’ilay soavaly goavana mihitsy izany; nanohy nandeha fotsiny izy.”

²⁶³ Hoy izy, “Tamin’izay fotoana izay, tampoka teo,” hoy izy, “dia nitodika ianao.” Hoy izy, “Izany no fotoana fahatelo niresahanao, saingy ny fotoana faharoa nilazanao hoe ‘Hitety aho.’” Ary hoy izy, “Tsy niteny tahaka ny nataonao ianao. Nandidy ianao.” Hoy izy, “Nitodika ianao ary niantso an’ilay lehilahy tamin’ny anarany, ka nanao hoe, ‘Mialà eto! Fantatrao fa tsy misy olona afaka mandeha amin’ity lalana eto ity raha tsy Andriamanitra no nanendry azy hanao an’izany. Mialà eto!’”

²⁶⁴ Fa hoy izy, “Nitodika ilay lehilahy.” Dia hoy izy, “Efa nanoratra taratasy ho ahy ilay lehilahy.” Ary hoy izy, “Nanerana ny tehezany ny soavaliny,” ilay mainty sy volondavenona, ary mifangaro miaraka, hoy izy, “nanerana ny tehezany ny soavaliny no nanoratana ny anarany, mitovy marina tokoa tahaka ny eo amin’ny taratasy ny sonia. Ary nandeha nankany avaratra izy.”

265 Hoy izy, “Tamin’izay fotoana izay dia nanohy nandeha ianao; nihodina ilay soavaly goavana, nankany andrefana lavitra arak’izay tratranao.” Hoy izy, “Nitsangana ianao ary nanangana ny tãnanao tahaka an’izao.” Avy eo dia nanomboka nitomany izy. Hoy izy, “Rahalahy Branham, ny mahita an’io soavaly nitsangana teo io; io satroka fitondra miady rehetra io sy ny sisa tahaka an’izany, ary,” hoy izy, “io fiarovnan-tratra sy ny sisa nanjelatra io.” Hoy izy, “Nihazona ny tãnanao ambony vetivety ianao.” Dia hoy izy, “Nijery ambany indray ianao, nandray an’ireo tadin-tsoavaly, nanao hoe, ‘Mbola hitety an’ity lãlan-kely ity indray mandeha fotsiny aho!’” Hoy izy, “Nihozongozona aloha sy aoriana ny tany manontolo, tahaka an’izao.” Ary hoy izy, “Tsy nisy aina intsony tavela tato amiko; nandohalika fotsiny teo akaikin’ilay vato aho. Avy eo nifoha aho.”

Hoy izy, “Inona no dikan’izany, tompoko?”

Hoy aho hoe, “Tsy fantatro.”

266 Ny ampitso maraina... Junior Jackson, izay nanonofy mikasika an’ilay pyramida, fantatrarao, rehefa nandeha nankany andrefana aho. Tsaroanareo ve izany? Niantso ahy izy, iray na roa volana talohan’izany. Nanana nofy iray nirehitra izy; izay tsy maintsy nolazainy tamiko. Dia hoy aho hoe, “Billy . . .”

267 Nisy teo amin’ny roapolo teo no nitsangana tany. Hoy izy hoe, “Junior Jackson, tany, no nilaza fa tsy maintsy hiteny aminao an’io nofy io izy.”

Hoy aho hoe, “Ampidiro izy, eo amin’ny dimy minitra fotsiny.”

268 Nentiny niditra ny vadiny, ary, nolazainy fa, mba ho vavolombelona iray. Hoy izy hoe, “Nanonofy aho, Rahalahy Branham, nandeha fiara izaho sy ny vadiko.” Dia hoy izy, “Nijery tany atsinanana aho, ary nahita, toy ny hoe, pentina iray, tahaka ny iray amin’ireny zava-boribory manidina ireny.”

269 Hitanareo, tsy mahafantatra izao tontolo izao hoe inona izany, fantatrarao. Ianareo no mahafantatra fa eo izany. Mahafantatra isika hoe inona ilay izy. Hitanareo? Fantatsika fa manao fitsikilovana izany, Anjelin’ny fitsarana, hitanareo. Ary ahoana fa ao amin’ny Pentagone sy ny rehetra, ahoana fa midina avy hatrany izany; ary ilay fahalalana, ahoana fa izy ireo dia afaka [Manapoapoaka ny rantsan-tãnany indray mandeha Rahalahy Branham—Mpand.] mandeha tahaka ny tselatra iray dia lasa, mandalo fotsiny amin’ny zavatra rehetra izay ananan’izy ireo. Hitanareo, tsy fantatr’izy ireo hoe inona ilay izy, hitanareo. Avelao izy ireo hieritreritra an’izay tiany. Izy ireo dia miantso an’izany hoe zava-boribory manidina, na inona koa. Tsy mahafantatra izy ireo, hitanareo.

270 Hoy izy, “Dia nahita an’izany tonga aho, ary nodinihako ilay izy. Ary inona ilay izy, lehilahy iray teo ambonin’ny

soavaly iray izany.” Dia hoy izy, “Tonga tamin’ny hafainganam-pandehan’ny tselatra izy.” Hoy izy, “Hitako fa hilatsaka teo anoloako izy. Ary najanoko ny fiarako, nivoaka. Rehefa izany,” hoy izy, “ilay fiara . . . soavaly dia nitsangana teo amin’ny lâlana, soavaly fotsy lehibe an’ny miaramila namindra tamin’ny fitsambikimbikinana iray.” Ny Teny izany, mazava ho azy, fantatrareo, mamindra ao amin’ny fitsambikimbikinana iray.

²⁷¹ Hoy izy, “Nisy lehilahy iray nipetraka teo.” Hoy izy, “Izy—izy dia niakanjo ny fitafian’ny tandrefana; tsy mpiandry omby iray, fa,” hoy izy, “tahaka ny lehiben’ny zandary iray na tahak’izany.” Hitanareo, ny lehiben’ny fahefany rehetra, avy any andrefana; ireo Indiana ambonin’ny Indiana; zandary no eo amboniny, hitanareo. Dia hoy izy, “Fa nanana ny satrony nisy lempona ilay lehilahy, sy nanana . . . nijery tany amin’ny ilany.” Ary hoy izy, “Rehefa nitodika tany amin’ny ilany izy,” hoy izy, “dia ianao izany, Rahalahy Branham.” Hoy izy, “Tsy niresaka intsony tahaka ny nataonao ianao. Hoy ianao hoe, ‘Junior!’” Niantso azy intelo. “Ary hoy ianao, ‘Ho lazaiko anao izay hatao.’” Dia hoy izy, “Tamin’izay fotoana izay dia nisintona ny tadin’io soavaly io ianao. Nanao dingan-dava teo amin’ny telo teo ianao, ary nandeha nankany amin’ny lanitra, dia lasa nankany andrefana.”

²⁷² Hoy izy hoe, “Iray minitra fotsiny, nijery manodidina aho, ary indro tonga ny soavaly iray kely kokoa noho ilay anankiray, avy amin’ny taranaka iray ihany, saingy kely kokoa, ary nitsangana.” Hoy izy, “Nandeha teo aho, nanao hoe, ‘Izy no tsy maintsy nandefa an’io taty tamiko.’” Hoy izy, “Nokarakaraiko ilay izy.” (Junior dia efa nanao fitaingenana kely iray, ihany koa. Hoy izy hoe, “Fantatrao ve hoe antonona anao toy ny ahoana ny laselinao, Rahalahy Branham, ireo fametrahana-tongotra sy ny sisa?”) Hoy izy, “Nieritreritra aho hoe, ‘Eny, antonona ahy tsara mihitsy ity.’ Noho izany nosintoniko ireo tady, lasa niakatra ny lanitra aho.” Hoy izy, “Nosintoniko ireo tady ka najanoko izy, nahodiko izy ary niverina aho. Hitanao? Rehefa niverina aho,” hoy izy, “dia najanoko ilay soavaly, nidina aho, niresaka tamin’ny vadiko. Lasa ilay soavaly.” Ary izy . . . ? . . .

²⁷³ Avy eo, afak’omaly, telo andro lasa izay, dia tonga i Leo Mercier, tonga niaraka tamin’ily nofy iray ihany marina tokoa, tsy nahafantatra na inona na inona mikasika an’izany; saika hampanaraka soavaly fotsy goavana mpanome taranaka iray amin’ny soavaly vavy mainty iray, nefa tsy afaka nanao an’izany izy ireo; nikorontan-tsaina. Nilaza izy fa nandeha teo aho, nanao hoe, “Leo,” ary niteny taminy an’izay nataoko. Tsy tiako ny hilaza an’izany eto, hitanareo, fa niteny taminy an’izay nataoko aho. “Hoy ianao, ‘Tsy hitanao ve? Ankehitriny, mba hahafantarana an’izany; tsy fantatro hoe nanana vinantolahy i Ed Dalton, ary ilay

vinantolahy dia nanana alika iray tamin'io anarana io. Ho fantatrao, ry Leo, fa hanonofy ianao. Saingy, rehefa mifoha ianao, dia tsarovy izany!” Ary hoy izy, “Tsy mbola nandre baiko iray tahaka an'izany mihitsy aho.”

²⁷⁴ Saiky tamin'io fotoana io, dia tonga i Roy Roberson, nanao hoe, “Rahalahy Branham, tadidinao ve tany talohan'ny nialanao voalohany tamin'ilay fiangonana? Isika dia... Nahita anao nipetraka aho, toy ny hoe tany Palestine. Isika rehetra dia, ny komity sy ny sisa, dia nipetraka toy ny hoe teo amin'ny latabatra ny sakafon'ny Tompo, ary niresaka ianao tamin'izany. Ary ianao... Tsy azony antoka izay noresahanao.” Hoy izy, “Nidina ny rahona fotsy iray ka naka anao, nitondra anao.” Firy no mahatsiaro ny—ny nofin-dRahalahy Roy? Ary hoy izy, “Nitondra anao ilay rahona fotsy,” dia hoy izy, “avy eo lasa ianao. Nandeha teo amin'ireo lalam-be aho, niantsoantso sy nitomany.”

²⁷⁵ Rehefa tonga teto aho, sy ilay sandry antitra kely kilemaina, tahaka ny naha-izy azy, namaky an'ity. Natsipiny ilay fikaohan-tany ary nanomboka nitomany izy rehefa nahita ahy tonga teo. Tsy mbola nahita azy aho noho izany noteneniny tamiko ilay nofy. Dia hoy izy hoe... Ary teo am-pikaohana izy. Hoy aho hoe...

²⁷⁶ “Fa—fa lasa ianao.” Hoy izy, “Nandeha teo amin'ireo lalam-be aho, hatraiza hatraiza, niezaka ny hahita anao. Tsy nety nahita anao aho, na taiza na taiza. Niantsoantso aho hoe, ‘Oh, Rahalahy Branham, aza mandeha!’” Hoy izy, “Rahona fotsy iray no tonga ary naka anao, sy nitondra anao lavitra anay, nankany andrefana.” Talohan'ilay pyramida izany na zavatra hafa. Hoy izy, “Nitondra anao nankany andrefana. Dia nitomany aho, ary nandeha teo amin'ireo lalam-be.”

²⁷⁷ Hoy izy, “Afaka kelikely dia nandeha aho ary nipetraka teo amin'ny latabatra. Sendra nijery teo amin'ny lohan'ilay latabatra aho.” Hoy izy, “Afaka nahita anao tahaka an'izao mihitsy aho, fotsy toy ny oram-panala.” Hoy izy, “Nitsangana teo ianao.” Dia hoy izy, “Niteny tamin'ny fahefana ianao. Tsy nişy faminavinana ny amin'izany.” Hoy izy, “Nahazo marina tokoa an'izay nolazainao ny olona rehetra.”

²⁷⁸ Oh, ry rahalahiko, ranabaviko, ankehitriny, ny tsirairay avy aminareo izay tonga saina, fantatro ny dikan'izany. Hitanareo?

²⁷⁹ Diniho fotsiny! Mijanona eo akaikin'i Kristy. Mamelà ahy hampitandrina anareo ankehitriny, amin'ny maha-mpitoritenin'ny Filazantsara, ny amin'izao. Aza mandray fahadalana iray. Aza misaintsaina na inona na inona. Mijanona tsara eo mandra-pifantsik'io anatin'ny anatin'ny io amin'ny Teny, mba hahatonga anareo marina ao amin'i Kristy, satria izany ihany no zavatra tokana izay... Satria, ao amin'ny taona mamitaka indrindra izay hany niainantsika no

misy antsika. “Izany dia hamitaka an’ily tena Voafidy raha azo natao,” satria manana hosotra izy ireo, izy ireo no afaka manao ny zavatra rehetra tahaka ny sisa amin’izy ireo.

²⁸⁰ Diovy ny fiainanareo. Aloavy ny trosanareo. “Tsy ananan’olona,” hoy Jesosy. Ankehitriny, ankehitriny, ny tiako ho lazaina, toy ny hofan-tranonareo sy ny karazany, tsy maintsy ataonareo izany. Esory amin’ny tãananareo ny zavatrareo rehetra. Ataovy mahitsy ny zavatra rehetra. Mivonõna. Aoka ho vonona. Tsarovy, amin’ny Anaran’ny Tompo, misy zavatra natao hitranga.

²⁸¹ Handeha any amin’ireo havoana aho amin’ity herinandro ity, tsy ny hihaza vontsira loatra; mazava ho azy, tiako ny mihaza vontsira. Fa handeha ho any aho ho an’io tanjona io, hanao hoe, “O Andriamanitra, tsy fantatro izay lalana haleha, ary tsy te-ho diso amin’izany aho. Ampio aho.”

²⁸² Mivavaha ho ahy. Hanao an’izany ve ianareo? Hivavaka ho anareo aho. Manantena aho, nohon’ny famindrampon’Andriamanitra, fa hihaona amin’ny tsirairay avy aminareo, ary hihaona amin’ny Tany iray tsaratsara kokoa noho ity eto ity isika.

²⁸³ Ary ho an’ny inona no hahatongavantsika eto? Inona no ataontsika? Tonga eto ve isika, hilalao kilalao iray? Tonga eto ve isika, hihaona ho toy ny trano fialofana iray? Izany dia, tsy afaka ny ho tonga Kristy raha tsy tena mahitsy tanteraka ilay Fiangonana. Miandry antsika Izy. Mino aho fa eo amin’ny farany isika izao.

²⁸⁴ Jereo, ao California. Jereo ireo tabataba. Jereo ireo olona sivy ambin’ny folo novonoina, ara-poko. Tsy efa niteny taminareo ve aho, teto vao tsy ela akory izay, fa io Martin Luther King io dia hitarika ny olona ho ao amin’ny fandripahana iray? Firy no mahatsiaro an’izany? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Tsy ireo olona mainty hoditra izany; izany dia ireo mpitarika ireo no manetsika azy ireo. Tsy firaisana izany, fanavakavahana, sy izay tian’izy ireo iantsoana azy; izany dia ny devoly. Marina izany. Tsy ho an’ny fotsy ihany, ny mainty hoditra; ity dia izy rehetra. Ny devoly izany.

²⁸⁵ Potika ireo fahamoran-tsaina sy fiheveran’ny olona. Tsy misy fanantenana. Any ankoatry ny fanantenana izany. Ny zavatra manontolo dia aretim-pahalõvana iray. Ireo fahamoran-tsain’ny olona; tsy afaka mandray fanapahan-kevitra izy ireo.

²⁸⁶ Tsy politisiana iray aho. Tsy izy aho, na Demokraty na Repoblikana. Maloto izy ireo. Ho an’ny Fanjakana iray aho, ary izany dia ny Fanjakan’i Jesosy Kristy. Izay ihany. Fa ahoana marina no mba efa nahitanareo andiana saribakoly tahaka ny an’izay ananantsika eto ankehitriny, tahaka

an'io andiana Texans izay ananantsika eto io? “Nahoana,” hoy izy ireo, “na inona na inona ilain'ny vahoaka! Raha mila kominisma izy ireo, dia homenay kominisma. Raha mila firaisana izy ireo, dia homenay firaisana. Mila fanavakavahana, dia homenay na inona na inona.” Izany ve... Aiza no misy lehilahy?

²⁸⁷ O Andriamanitra! Tahaka ny polipitra izany. Aiza no misy lehilahy, lehilahy izay lehilahy, izay hanohana fitsipika iray? Aiza no misy vehivavy izay hanohana fitsipika iray? Aiza no misy fiangonana iray izay hanohana fitsipika iray? Tsy manana metaly fotsy iray handaniana fotoana ho an'ny wishy-washy iray aho, fanahy kanosa, manao marimaritra iraisana. Raha vehivavy iray ny vehivavy iray, dia aoka izy ho ramatoa. Raha lehilahy iray ny lehilahy iray, dia aoka izy ho lehilahy.

²⁸⁸ Raha filoha iray izy...Aiza ny John Quincy Adams antsika? Aiza ny Abraham Lincoln antsika, ireo lehilahin'ny fitsipika? Aiza ny Patrick Henry antsika, nanao hoe, “Na hanome ahy fahafahana na hanome ahy ny fahafatesana”?

²⁸⁹ Aiza no misy lehilahy iray izay hanohana an'izay marina? Aiza no misy lehilahy izay tsy matahotra ny hiteny? Tsy mampaninona, na hanohatra azy aza izao tontolo rehetra izao, fa miteny an'izay marina; ary manohana an'izany sy ho faty amin'izany. Aiza ny Arnold von Winkelried antsika indray amin'izao andro izao? Aiza no misy lehilahin'ny fahitsiana? Aiza no misy lehilahy miaraka amin'ny fanahy? Tena wishy-washy loatra izy ireo ary mohaka hany ka tsy fantany hoe aiza no ijoroany.

²⁹⁰ Andriamanitra, avelao aho hijoro miaraka amin'ireo fitsipiky ny Lehilahy anankiray, amin'ny maha-mpitoriteny iray, ny Tenin'i Jesosy Kristy. “Fa ny lanitra sy ny tany ho levona, fa Izany dia tsy ho diso mihitsy. Eo amin'ity Vatolampy ity no Hanorenako Ny Fiangonako; ny vavahadin'ny helo tsy haharesy azy.”

Ndao isika hitsangana.

Isaorana anie ilay tady izay mamatotra
Ny fontsika ao amin'ny fitiavana Kristiana;
Ny fiombonan'ny firaisan-tsaina
Dia tahaka an'ilay any Ambony.

Ankehitriny akambano amin'ny anankiray hafa ny tãananareo.


Rehefa misaraka isika,
Dia manome antsika fanaintainana anaty izany;
Saingy mbola hifandray am-po isika,
Ary manantena ny hihaona indray.

Mandra-pihaonantsika! mandra-pihaonantsika!
 Mandra-pihaonantsika eo an-tongotr'i Jesosy;
 Mandra-pihaonantsika! mandra-pihaonantsika!
 Homba anao anie Andriamanitra mandra-
 pihaonantsika indray!

²⁹¹ Ndao isika hanondrika ny lohantsika ankehitriny, raha mampirava antsika Rahalahy Neville, amin'ny tonom-bavaka iray.

²⁹² Miverena rahariva, ankehitriny. Manantena fotoana lehibe iray isika rahariva, eto amin'ny tabernakla. Andriamanitra hitahy anareo. Ary mivavaha ho ahy; hivavaka ho anareo aho.

²⁹³ Aza mihevitra fa fanatika iray aho, ry sakaiza. Aza mihevitra fa izaho dia miezaka hanery zavatra eo aminareo. Tiako ianareo. Ary manana fitsipika iray aho, izany dia ny Baiboly. Tsy misy Teny anankiray azo esorina avy amin'Izany. Tsy misy teny iray azo anampiana amin'Izany. Ary mino aho fa Izany no fomba nanoratana Azy.

²⁹⁴ Ndao isika hanondrika ny lohantsika ankehitriny, ary ny pasiterantsika mahatoky, tsara no handrava ny fiangonana. Andriamanitra hitahy anao, Rahalahy Neville. 

NEFA TSY FANTATRAO IZANY MAG65-0815

(And Knoweth It Not)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alahady maraina, 15 Aogositra, 1965, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2015 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. Box 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org